

HERINANDRO FIARAHA-MIVAVAKA

Miaina

DIENY IZAO SAHADY

Ny Fifohazana sy ny Fiavian'i Kristy fanindroany



FIVONDRONAMBen'Ny FEDERASIONA RANOMASIMBE INDIANINA

HAFATRA AVY AMIN'NY FILOHAN'NY FIANGONANA ADVANTISTA MANERAN-TANY



«Aingao ny trômpetra ary aoka hotsofina mafy: Ho avy indray Jesôsy» Manakoako ao am-pon'ny Advantista izany hira tiantsika fatratra izany raha mbola eo am-piandrasana izany andro lehibe izany isika!

«Fifohazana sy Fiavian'i Kristy fanindroany», izany no ventin-kevitra voizina amin'izao herinandro fivavahana fanao isan-taona izao.

Feno hevi-dalina io foto-kevitra io eo am-pibanjinantsika ny fanantenana mahafinaritra, ny maha-maika ny fitoriana ny hafatry ny anjely telo, ny maha-azo antoka ny faminiana ary ny maha-zava-misy ny fitsanganana voalohany sy ny fitsanganana faharoa amin'ny maty.

Inona no zara andraikitra ny hafatry ny anjely telo eo amin'ny fifohazan'ny Fiangonana sy eo amintsika tsirairay? Manao ahoana sy manao ahoana no fifandraisan'ny fitoerana masina amin'ireo hafa-dehibe ireo? Inona no fatorana mampifandray ny famantarana ny fiavian'i Kristy fanindroany sy ny fifohazana ary ny fanoloran-tena amin'ny iraka ampanoavina antsika? Ireo fanontaniana ireo sy ny maro hafa koa dia sahaza tanteraka ho antsika eo ambany faneva fenon'ny Fanahy Masina.

Manasa anao aho hiara-miombona amiko handinika ao anatin'ny rivotry ny fivavahana ireo lohateny manan-danja ireo ka hiara-miaina dieny izao sahadry ny vokatra fara tampon'ny fifohazana sy fanavaozana: dia ny fiainana mandrakizay miaraka amin'Andriamanitra.

Raha misy ankizy kelikely ao ankehonana (na hoe koa mankafy tantara goavana inao) dia aza hadinoina ny lahatoratra ho an'ny ankizy nosoratan'i Charles Mills, tompon'andraikitra ny fifandraisana kristianina, zara asa misahana ny serasera miainga avy ao Berkeley Springs, West Virginia.

Ny Tompo anie hitahy antsika rehefa miara-mandinika sy mivavaka mandritra ity herinandro fiaraha-mivavaka manokana ity isika.

Ted N. C. Wilson
Filohan'ny Fiangonana Advantista Maneran-tany

HERINANDRO FIARAHA-MIVAVAKA

PUBLISHER
General Conference of Seventh-day Adventists
EXECUTIVE PUBLISHER
Bill Knott
ASSOCIATE PUBLISHER
Claude Richi
PUBLISHING BOARD
Ted N. C. Wilson, chair
Benjamin D. Schoun, vice chair
Bill Knott, secretary
Lisa Beardley-Hardy, Daniel R. Jackson, Robert Larson, Geoffrey Mbwana, G. T. Ng, Daisy Orrior, Juan Prestol, Michael Ryan, Ella Simmonds, Kamik Doukmetzian, legal adviser

EDITOR
Bill Knott
ASSOCIATE EDITORS
Laci Casar, Gerald A. Klingbeil
NEWS EDITOR
Andrew McChesne y
COORDINATING EDITOR
Stephen Chau vz
ONLINE EDITOR
Carlos Medl ey
FEATURES EDITOR
Sandra Blackmer
YOUNG ADULT EDITOR
Kimberly Lussie Moran
KIDSWEB EDITOR
Wilona Karimabadi
OPERATIONS MANAGER
Merle Pomer
FINANCIAL MANAGER
Rachel Child
EDITORIAL ASSESSMENT COORDINATOR
Marvene Thorpe-Baptiste
MARKETING DIRECTOR
Claude Richi
EDITORS-AT-LARGE
Mark A. Finley, John M. Fowler
SENIOR ADVISOR
E. Edward Zinke
ART DIRECTOR/DESIGNER
Bryan Gray
LAYOUT TECHNICIAN
Fred Wuer stlin
AD SALES
Glen Gohlie
SUBSCRIBER SERVICES
Rebecca Hill de

TO WRITERS: Writer's guild elines are available at the Adventist Review Web site: www.adventistreview.org and click "About the Review." For a printed copy, send a self-addressed envelope to: Writer's Guildlines, Adventist Review, 12501 Old Columbia Pike, Silver Spring, MD 20904.

E-mail: reviewedit@org.adventist.org.

Web site: www.adventistreview.org.

Postmaster: Send address changes to Adventist Review, P.O. Box 5353, Nampa, ID 83653-5353.

Unless otherwise noted, Bible texts in this issue are from the Holy Bible, New International Version. Copyright © 1973, 1978, 1984, 2011 by Biblica, Inc. Used by permission. All rights reserved worldwide. Unless otherwise noted, all prominent photos are © Thinkstock 2015.

The Adventist Review (ISSN 0161-1119), published since 1849, is the general paper of the Seventh-day Adventist Church. It is published by the General Conference of Seventh-day Adventists* and is printed 12 times a year. Pacific Press Publishing Association, at 1350 North Kings Road, Nampa, ID 83657, is the printer of record. Periodical postage paid at Lebanon Junction, KY 40150, and additional mailing offices. Copyright © 2015, General Conference of Seventh-day Adventists*. PRINTED IN THE U.S.A.

ADVENTIST CHANGES AND SUBSCRIPTION QUERIES: adventistreview@pacificpress.com. Or call 1-800-447-7377 or 208-465-2548.

FANTARO NY Mpanoratra

Mandala ny fiaraha-miasa eo amin'ny fampianarana i Gerald sy i Chantal Klingbeil ary mankafy aok'izany ny fifandraisana amin'ny tanora ao amin'ny Fiangonana Advantista. I Gerald izay avy any Alemaina dia tonia mpanampy amin'ny fanontana ny gazetiboky Adventist Review sy ny Adventist World sady mpampianatra ambony momba ny Testamenta Taloha sy ny Tontolon'ny Tany Atsinanana fahiny ao amin'ny Semina ara-teôlôjia an'ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito ao amin'ny Oniversite Andrews. Nahazo ny mari-pahaizan'ny Doctorat amin'ny fandalinana ny Tontolon'ny faritra manodidina ny Tany Atsinanana fahiny tao amin'ny Oniversiten'i Stellenbosch ao Afrika Atsimo ary efa niasa nampita fahalalana tamina Oniversite maro tany Amerika Atsimo sy tany Azia. I Chantal, teraka ary notaiza tany Afrika Atsimo, nandritra ny roapolo taona farany izao dia Tale Mpanampy ao amin'ny Ellen G. White Estate (Firaketana sy fampisongadina ny asoratra Ramatoa White) ary mampifantoka ny asany amin'ny ankizy sy ny tanora ary ny olon-dehibe. Nahazo ny mari-pahaizana Maitrise amin'ny Philosophie des Linguistiques (Petra-kevitra ny amin'ny filatron'ny Teny) i Chantal tao amin'ny Oniversiten'i Stellenbosch ao Afrika Atsimo. Izy dia nanao ny asan'ny mpampianatra amin'ny sekoly ambony, mpampianatra ny Oniversite, sojaben'ny sekoly, mpanoratra ary mpanonta boky. dia Manan-janaka telo mirahavavy Gerald sy Chantal: Hannah, Sarah ary Jemima ary miahy fatratra an'ireo zanany ireo.



Hery Enti-Mamita Ny Asa Fitoriana

MITORY NY HAFATRY NY ANJELY TELO

Fotoana mahagaga izao ahavelomantsika ankehitriny izao. Ireo rehetra mahafantra tsara ny Baiboly na Advantista na tsy Advantista dia miara-mahita ohatra ny tafika andrefan-tanàna fa manatontosa zavatra tsy dia mahazatra Andriamanitra. Mino amin'ny foko rehetra aho fa ho avy tsy ho ela ny Tompo. Na dia tsy misy afaka manondro daty mazava aza dia nomena famantarana kosa isika izay manondro indrindra fa antomotra fatratra ny fiavian'i Kristy ary izao vanin'andro izao indrindra izany!

Araka ny fantatrarero, ny Baiboly sy ny Fanahin'ny Faminianana dia miantso antsika ho amin'ny fifohazana sy ny fanavaozana, izany hoe fanatanterahana indrindra ny toro marik'Andriamanitra amin'ny fiomanana handray ny ranonorana farany araka ny voalaza mialoha ao amin'ny Joe. 2 sy Hôs. ary Asa. 2. Ny toromarika nomeny dia vosorisoritra tsara tokoa ao amin'ny 2 Tant. 7:14. Isika no itenenany ankehitrin'io raha milaza izy hoe: *«Raha ny olona izay nantsoina amin'ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hahasitrana ny taniny»*.

Rehefa manetry tena eo anatrehan' Andriamanitra isika amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina, mitalaho tokoa ny fitarihan-dalana avy Aminy, mikatsaka ny teniny ary manankina Aminy ny fandaharam-potoanantsika manokana, mamela an'Andriamanitra hitarika antsika ho amin'ny fahamarinana dia hihaino izy, hamela ny helotsika ary hanasitrana antsika. Hitarika antsika hifandray bebe kokoa Aminy izy ka izany no hahatonga antsika hiara-miasa Aminy amin'ny famitana ny asany ety an-tany.

Mivavaha ohatra ny mbola tsy nivavahana mihitsy hatramin'izy rehet. Miantso antsika Andriamanitra ho amin'ny fifandraisana Aminy vonton'ny fifohazana sy ny fanavaozana; izany no hahatonga antsika ho vonona hanambara ny hafatry ny faminianana izay nankinina tamintsika amin'ny maha-zanaka sisa antsika. Ny fahazoan'ny Advantista Mitandrana ny Andro Fahafito ny bokin'i Daniela sy ny boky Apôkalipsy dia manampy antsika hitazona ny foto-pampianarantsika, manome antsika zava-kinendry, manorina ny maha-izy antsika ary manome fahitana mazava ny iraka hanatontosa maneran-tany ny fitoriana ny hafatra.

Miantso antsika Andriamanitra hanapariaka amin'izao fotoana ankehitriny izao ny hafatry ny anjely telo ao amin'ny Apôk. 14. Raha misy fotoana anaparihana an'io faminianana io izay ny Advantista Mitandrana ny Andro Fahafito no hany mahatakatra azy an-tsaina amin'ny fomba manokana dia izao fotoana ankehitriny izao indrindra.

MANDRAY. MINO. MIFOHA.

Mba hahazoana mitory ny amin'ireo hafatra ireo anefa dia tsy maintsy mandray azy ireo ho an'ny tenantsika aloha isika, mino ireo hafatra ireo ary fohapohazina sy velombelomin'izy ireo. Amin'ny fomba ahoana no amelombeloman'ireo antsika sy itondrany fifohazana ho antsika?

Hanova antsika ireo hafatra ireo rehefa mandray tsara an'izany am-po isika. Hafatra feno fahazavana izany ka rehefa lasa ra mikoriana ao amin-tsika dia hamirapiratra amin'ny alalantsika ary hanjary hanazava ny hafa ihany

koa. Ho azontsika an-tsaina àry ny tena maha-fototry ny aina ireo hafatra ireo ary satria tia an'Andriamanitra isika dia miroso rahateo amin'ny fampahafantarana amin'ny hafa izany fahamarinana mampiova fitodika ny fiainana izany.

Izany no iraka ampanaovin'i Kristy antsika araka ny hita ao amin'ny Apôk. 14. Iraka ampanaovina ny vahoaka sisa ary tsy ampanaovina na iza na iza ankoatra azy ireo.

Izao no voalaza ao amin'ny Toro-lalana ho an'ny Fiangonana: *«Amin'ny lafiny manokana ny Advantista Mitandrana ny Andro Fahafito dia natao ho mpitily sy mpiambina eto amin'izao tontolo izao. Nankinina amin'izy ireo ny fampitandremana ho an'ity tontolo efa eo an-dalam-paharavana ity. Misy tara-pahazavana mahagaga mamirapiratra avy ao amin'ny tenin'Andriamanitra mbialiaka eo amin'izy ireo. Asa faran'izay be voninahitra indrindra no nankinina amin'izy ireo, dia ny fitoriana ny hafatry ny anjely voalohany sy faharoa ary fahatelo. Tsy misy asa lehibe lavitra noho izany. Tsy misy zavatra hafa tokony mbola hihazona mafy ny sain'izy ireo.»*

Ireo hafatra ireo dia feno hazavana ka rehefa vonton'izany isika dia mitaratra amin'ny alalantsika izany mba ho fanazavana ny hafa rahateo ihany koa.

NY HAFATRY NY ANJELY TELO

Ireo Advantista tany aloha dia nitry ny amin'ny hoe ho avy tamln'ny 1844 Jesôsy; tojo fahadisao-panantenana izy ireo tamin'zany araka izay efa nambaran'ny faminianana mialoha ao amin'ny Apôk. 10. Na dia eo aza anefa izany dia tsy hoe vita teo ny asan'izy ireo. Mbola nisy hafatra fanampiny tian'Andriamanitra hoentiny izy ireo maneran-tany.
HERINANDRO FIARAKA-HIVAVAKA - Manokana | 3

Ireo Hafatra Ireo Dia Feno Hazavana Ka Rehefa Vonton'izany Isika Dia Mitaratra Amin'ny Alalantsika Izany Mba Ho Fanazavana Ny Hafa Rahateo Ihany Koa

Mizara telo izany hafatra izany ary hizingizina manokana ao amin'ny Apôk. 14:6-12.

Hafatra voalohany.

Ny hafatra voalohany (and. 6 sy 7) dia manambara ilay filazantsara mandrakizay, izany hoe ny famonjena amin'ny alalan'i Kristy sy ny fahasovany - Ny heriny manamarina sy manamasina. Ilay anjely dia nilaza fa tonga ny andro fitsarana ary antsoina ny olona hiverina amin'ny fiankofana marina amin'Andriamanitra ary hankasitraka Azy ho Mpamorona.

Ny antso ho amin'ny fiankohofana amin'Andriamanitra amin'ny maha-Mpamorona Azy dia mametraka eo amin'ny olona ny andraikitra hitandrina ny andro enti-manaja ny asam-pamoronana nataony. Ny olombelona asan-tanan'Andriamanitra dia tsy afaka manome voninahitra ny Mpahary Azy raha tahiny ka mbola mihantsy an'Andriamanitra amin'ny tsy fitandremana ny Sabata - andro fahafito ao amin'ny herinandro - izay Andriamanitra izy tenany mihitsy no nametraka izany ho fahatsiarovana ny asa famoronana izay nataony.

Amin'ny andro sarotra mialoha indrindra ny fiverenan'i Kristy dia ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito no ho lasibatry ny famelezana. Hoy ny mpanompovavin'ny Tompo: *«Ny Sabata no fisedrana lehibe momba ny fahatokiana satria io no fahamarinana anankiray isehoan'ny fifanolanana amin'ny fomba manokana. Rehefa ampiharina amin'ny olona ny fisedrana farany dia hisy tsipika mazava hampisarakza izay manompo an'Andriamanitra sy izay tsy manompo Azy»*. - HM, t. 631.

Ny hoe manompo an'Andriamanitra dia midika fa tokony hisy finiavana hitsipaka ireo petra-kevitra diso momba ny niandohan'ny aina, anisan'izany ny fivoarana miandalana. Tsy mitombina ny hoe mino ny fivoarana miandalana idiran'Andriamanitra an-tsehatra na hoe fivoarana miandalana an-kapobeny nefa etsy an-daniny milaza fa Andriamanitra no Mpahary ny lanitra sy ny tany sy ny aina izay eo aminy. Aoka isika hijoro

tsara amin'ny hoe enina andro ara-bakiteny no namoronan'Andriamanitra ny tany, enina andro nifandimby hatrany am-boalohany, ary nosatrohany voninahitra izany herinandro izany amin'ny alalan'ny Sabata mahavariana tsirairay izay ifaliantsika.

Hafatra faharoa.

Ny hafatry ny anjely faharoa, hita ao amin'ny and. 8, manambara ny hoe Rava Babilôna, dia notorina voalohany indrindra tamin'ny fararanon'ny taona 1844. Koa satria io asa fitoriana io dia manarakaraka ny fitoriana ny amin'ny fitsarana raha ny faminiana no jereña, ary satria ny fiangonana nasaina nitry izany hafatra izany dia fiangonana madio, noho izany ny hoe Babilôna dia maneho an'ireo fiangonana mitsipaka ny fampitandremana mikasika ny fitsarana.

Ny hafatra faharoa, *«Rava i Babilôna»* dia miverina ao amin'ny Apôk. 18:1-4. Ny vahoakan'Andriamanitra izay mbola ao Babilôna dia antsoina hiala avy tao mba tsy hiombona ota aminy ary mba tsy ho tratry ny loza hanjo azy. Noho izany, i Babilôna dia enti-maneho ireo Fiangonana izay mampianatra ny maro amin'ireo fampianaran-diso nisosoka tao amin'ny Fiangonana nandritra ny Taonjato Antenantenany.

Hafatra fahatelo.

Ny hafatry ny anjely fahatelo, hita eo amin'ny and. 9-11, dia mirakitra fampitandremana mazava: aza miankohoka eo anoloan'ny bibidia sy ny sariny na mandray ny marika momba izany. Fa ny fanaovana an'izany dia hiteraka fahafonganana. Miorina eo amin'ny faminiana voalaza ao amin'ny toko teo aloha, Apôk. 13, ny valin-kafatry ny hafatra fahatelo. Ny bibidia dia enti-maneho ny Fiangonana nihemotra. Ny bibiby faharoa izay enti-maneho an'i Etazonia dia mamorona sary ho an'ny bibidia. Ahitana famariparitana ny amin'io sary an'ohatra momba ny sarin'ny bibidia io ao amin'ny boky HM tt. 456-459.

Faly isika noho ny fahafahana ara-pivavahana misy any amin'ny firenenamaro, anisan'izany i Etazonia.



Araka ny voalazan'ny Baiboly anefa, isika dia mby amin'ny fotoana haneritena ny fahafahana ara-pivavahana ka ny fiangonana no hifehy ny fitondram-panjakana ary ny fitondram-panjakana kosa hampanandany lalàna hanatontosana ny fanirany'ireo fiangonana nihemotra (HM, tt. 458,459).

Ny mariky ny bibidia - izany hoe fitandremana andro hafa fa tsy ny Sabata andro fahafito - dia rafitra izay mampiorina tsara ny fahefan'ilay bibidia. Tsy fiangonana miely patrana maneran-tany mirehaka tsy amimpibambambana fa nanova ny Sabatan'ny andro fahafito naorina tany Edena ho Alahady. Ny fiangonana sasany indray milaza fa mitandrina ny alahady ho fahatsiarovana ny fitsanganan' i Kristy tamin'ny maty. Tsy misy toro-marika ny amin'ny tokony hitandremana an'izany mihitsy anefa ao amin'ny Soratra Masina na dia iray aza. Vokatryzany, nohozongozonina ny fankasitrahana sahaza ny Mpahary.

VOKATRA MAHERY VAIKA

Tsy afaka manohitra ny maha-mibari-bary ny fahamasinan'ny Sabata Sabotsy ireo mpitarika ny fiangonana nihemotra ka dia feno hatererana. Vokatryzany, henjehina sy hatao am-ponja ireo izay mitandrina ny Sabata. Eo andanin' izany rehetra izany, hisy vokany tsy mbola nisy toy izany ny fitoriana ny hafatry ny anjely fahatelo. Ho hitan'ny olona fa tanteraka an-tsakany sy an-davany araka izay nolazain'ireo mpitandrina ny didy folo azy ny faminaniana voalaza ao amin'ny bokin'i Daniela sy ao amin'ny Matio, Marka, Lioka, Apôkalipsy ary amin'ny fanambarana maro ao amin'ny Soratra Masina. Ny fisian'ny sarin'ny bibidia sy ny famoahana ny lalàna momba ny fitandremana ny Alahady dia hitondra amin'ny fitongonana eo amin'ny firenena sy eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena.

Ireo izay mifikitra amin'ny Mpanonjiny ary mandà tsy hiala amin'ny fahamarinana hita ao amin'ny hafatry ny anjely telo dia hahatakatra fa adidin'izy ireo ny mitory ireo hafatra ireo ary hanankiana amin'ny Tompo ny vokatryzany. Hidododo hatraiza hatraiza ny mpanompon'Andriamanitra hitory ny hafatra avy any an-danitra, ary ny tavany hazava sy hamirapiratra noho ny fanakanana-tena masina.... Hisy fahagagana hatao, hositrana ny marary, ary hisy famantarana sy zava-mahazendana hanarakana ny mpino (...) Amin'izany dia hisafidy izay hombany ny mponina ety an-tany.» (HM, t. 638)

Hoavy mampiantanana

Ry mpandalina ny bokin'i Daniela sy Apôkalipsy, ho avy mampiantanana no eo anoloanareo ary antsoina izaho sy

ianao hitondra ny anjara biriky eo amin'ny fanambarana ireo hafatra feno hery ireo! Amin'ny fianteherana feno amin'ny Kristy sy ny fahamarinany ary amin'ny herin'ny Fanahy Masina no anantontosantsika izany zava-dehibe izany! Andriamanitra dia manomana ahy sy anao ho amin'ny zava-dehibe tsy mahazatra hiseho - ny firotsahan'ny ranonorana faran'ny Fanahy Masina - hany ka hifoha isika ary ho vonona hanambara amin-kasahiana ireo hafatra mahagaga ireo!

Andriamanitra no hanova ny fon'ireo mandre io faminaniana mahavariana io, dia ireo mila mandray fapahan-kevitra ho an'i Kristy. Tombontsoa manao ahoana izany hoe hizara ny hafatry ny faminaniana ary hangataka amim-panetren-tena fifohazana sy fanavaozana amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina.

Manaiky an-tsitrapo ve isika?

Amin'ny maha-mpino ny faminaniana sy ny fahamarinan'i Kristy ary ny fiaviany tsy ho ela antsika, moa ve ankasitrahantsika ny hanavao ny fanoloran-tenantsika ho an'i Kristy amin'ny fanarahana ny oha-piainana nomeny mampitandrina an'izao tontolo izao ary mizara ny fitiavany? Moa ve ankasitrahantsika ny hampahafantatra ny hafatra manokana ara-paminaniana momba ny hafatry ny anjely telo? Moa ve ankasitrahantsika ny ampiasain'Andriamanitra amin'izao andro farany amin'ny tantaran'ny tany izao ny hampahafantatra amimpitiavana sy amin-kery ny hafatra farany momba ny fanavotana sy ny fitiavana ary ny fitsarana?

Koa aoka àry horaisintsika sy hinoantsika ho an'ny tenantsika aloha ireo hafatra ireo ka avelantsika hiteraka fifohazana, fanavaozana, fiovam-piainana ho antsika; amin'izay dia amin'ny alalantsika no hamirapiratan'ny fahazavan'ny fahamarinana eo amin'ny tontolo anjakan'ny haizina.

Indray andro any, tsy ho ela, dia hiandrandra isika hahita rahona kely matroka sahabo ho toy ny antsasaky ny felatanana. Hihalehibe, hihalehibe, hihamamiratra, hihamamiratra hatrany izany. Anjely an-tapitrisa an-tapitrisa no hahatonga io rahona mahavariana io hetrotrin'ny avana tomaratara erỳ ambony ary hazavana mamirapiratra etỳ ambany. Eo afovoan'io rahona tsy mampino io no ijoroan'ilay anankiray izay efa andrasantsika: dia Ilay Mpanonjiny antsika sy Tompontsika, dia Jesôsy Kristy, amin'ny maha-Tompon'ny Tompo sy Mpanjakan'ny Mpanjaka Azy. Ho andro manao ahoana loatra re izay andro izay!

Raha tianao ny hanetry tena eo anatrehan'ny Tompo, dia Ilay Anankiray nanome tsindrimandry tamin'ny

fanoratana ny bokin'i Daniela sy Apôkalipsy, Ilay Anankiray nanolotra ny hafatry ny anjely telo ary mitaona antsika hovelombelomin'ny sy hanambara izany, Ilay Anankiray afaka mamony anao amin'ny alalan'ny akanjony-pahamarinany sy ny heriny manamasina mba hanahaka Azy bebe kokoa hatrany- raha sitrakao ny hiangavy Azy hampiasa anao amin'ny fampahafantarana ny hafatry ny faminaniana amin'izao fotoana misafotofoto faran'ny tany izao, manasa anao aho, raha mamaky an'izao hafatra izao ianao, amin'izao fotoana izao indrindra, na aiza na aiza misy anao, hanondrika ny lohanoa ary hanolo-tena ho an'i Kristy, hangataka Azy hamelombelona anao amin'ny alalan'ny fahatakarana an-tsaïna sy fanekena ny hafatra feno hery, dia ny hafatry ny anjely telo. Aoka àry Izy no hanome anao herim-po sy hery hampahafantatra ny hafa ireo hafatra manetriketrika mahavariana ireo.

Ho avy tsy ho ela Jesôsy!



Ted N. C. Wilson
Filoaha maneran-tanin'ny
Fiangonana Adventista
Mitandrina ny Andro Fahafito.

FANONTANIANA HOERITRERETINA SY HIFANOLORAN-KEVITRA ARY HIFAMPIZARANA FANANDRAMANA

1. Inona no dikan'izany hoe miaina amin-paharetana ny fiandrasana ny fiavian'i Jesôsy?
2. Nahoana no sedra famantarana lehibe ny fankatoavana amin'Andriamanitra ny Sabata andro andro farany?
3. Inona no tokony hifantohantsika ka ho be indrindra ao an'eritritsika raha miaina sahadry ny fiavian'i Jesôsy tsy ho ela isika:
 - Eo amin'ny fanateneantsika ny fifandraisantsika amin'i Kristy?
 - Eo amin'ny fanolorantsika tanana ho an'ny hafa?
 - Eo amin'ny fandalinana ny foto-pinoana ara-tSoratra Masina? Hazavao

«Efa Fantatro fa Efa mby Amin'ny Fiavianao Hianao»

NY MAHA-AZO ANTOKA NY FIAVIAN'I KRISTY FANINDROANY

Indray andro dia nisy horohorontany tsy mbola nisy toy izany tany Arménie. 07 Desambra 1988 tamin'izay, tamin'ny 12 ora alina latsaka fahatelonny mahery iray minitra, ora tany an-toerana, nihovitrovitry ny horohorontany ny faritra avarat'i Arménie manodidina an'i Spitak, horohorontany nahatratra 6,8 amin'ny mari-drefy Richter, nandravarava tanàn-dehibe, nandrodana trano ary namoizana aina mihoatra ny 30.000. Nahalasa fisainana olona an'arivony maro ny tantaran'ity raim-pianakaviana anankiray tsy fantatra anarana nitady an-janany tao amin'ny sekoly nazeran'ny horohorontany tamin'izany fotoana izany.

Vantany vao nitsahatra ny hetsika voalohan'ny horohorontany dia nilomay nankany amin'ilay sekoly izay efa nirodana tanteraka ilay raim-pianakaviana. Rehefa nanomboka nitady nanao savahao ny tany tamin'ny tanany fotsiny izao tsy misy na inona na inona izy dia mby tao an-tsainy ny fampnantanana nataony taloha ela be nanao hoe: «Na inona na inona mitranga anaka dia ho eo anilanao hatrany aho»; izany mantsy no nolazainy an'ity zanany rehefa azon-tahotra ilaikely.

Rehefa fatapantany hoe taiza ho aiza no nisy ny efitrano fianarana nisy an-janany dia nanomboka nanatsikorofoka ny bolongam-bato sy ny baingabaingam-java-baventy rehetra izy. Nisy olona hafa ihany koa tonga ka nisavasava teo amin'ny toerana nisian'ny loza ary nanilikilika azy be ihany. Kanefa tsy laitra nakisoka izy. Efa nianiana mantsy izy. Ireo mpamono afo sy mpamonjy voina dia nandresy lahatra azy hiala rahateo fa tsy nety izy. Tena mampidi-doza mihitsy ny fisian'ny etona sy ny afo ary

ny fipoahana isan-karazany. «Aleo fa tandremanay fatratra ireny rehetra ireny mba tsy hanohintohina» hoy ireo mpamonjy voina. «Fa sarotra be ny mihevitra fa mbola mety ho velona ny zanakao amin'izao» hoy izy ireo tamin'ilay raim-pianakaviana.

Fa dia mbola nitohy nanakodia ny vato tsirairay ihany ilay raim-pianakaviana na dia izany aza. Farany, nony afaka 38 ora nanaovany toy izany, injao reny tampoka ny feon-janany. «*Dada ô! Hianao ve izao? Fantatro fa tsy maintsy ho avy hianao. Nampahery ny ankizy hafa aho mba tsy hanary toky satria efa nianiana hianao fa ho avy hamonjy ahy.*» Nahavonjy ankizy 14 hafa ankoatra an-janany ilay raim-pianakaviana. Nitazona ny voadiny izy.

MBOLA MITOZO MIANDRY IHANY

Efa ela no niandrasantsika hatramin'ny nanontanian'ny anjely ireo mpianatra nanao hoe: «*Nahaana no mijanona eto mijery ny lanitra hianareo? Iny Jesosy izay nampakarina niala taminareo niakatra ho any an-danitra iny dia mbola ho avy tahaka ny nahitanareo Azy niakatra ho any an-danitra*» - Asa. 1:11.

I Paoly dia niandry (Rôm. 12:11-13; 1 Tes. 1:10); i Petera dia niandry (1 Pet. 1:7-9; 4:7; 2 Pet. 3:9-14); i Jaona dia niandry (Apôk. 22:12,20); ary an-tapitrisa ny mpanaraka an'i Jesôsy hatramin'izay no niandry. Indraindray dia atao an-tranomaizina, enjehina, ihomehezana sy harabirabiana ireo miandry ny fiavianana be voninahitr'ilay Tompo Mpampianatra. Amin'ny fotoana sasantsasany ny toetra matimaty dia mikiky tsikelikely ka manjary mahatonga ny mpianatr'i Kristy izay liana fatratra hanjary

mpitamam-potsiny misonanina amin'ny katsaka voaendy, variana amin'ny pitsopitsom-baovao farany sy ny tsilalao isan-karazany fa tsy miraikia amin'ny fiavian'ny Tompony. Tsy momba mandrakariva ny miandry.

MISINTONA LESONA AVY AMIN'NY BOKIN'NY ASAN'NY APOSTOLY

Ny Fiangonana voalohany, araka ny hita ao amin'ny Asan'ny Apôstôly, dia mamela ohatra ho antsika ny amin'ny hoe atao ahoana no fomba fiandry ny fiavian'i Kristy. Rehefa niato tsy nijery ny lanitra izy ireo dia nanomboka niandry. Teo am-piandrasana dia nanomboka nivavaka (Asa. 1:14). Rehefa nivavaka dia nanjary nifanaikaiky fo (Asa. 2:1). Dia izao no zava-niseho: ny fiandrasana vonton'ny fanahin'ny fivavahana dia naninteraka fahasahiana feno ny Fanahy. Ny fifohazana dia mampifantoka ho amin'ny famitana tsy hay tohaina ny asa nanirahana. Ny fijoroana ho vavolombelona nataon'i Petera, nadiakan'ny Fanahy ho amin'ny fiteny isan-karazany mba hahita lalana ao amin'ny fo, dia nitarika ny marobe ho amin'ny fiovam-po. Telo arivo no natao batisa tao anatin'ny indray andro, ary vao fiandohany fotsiny izy (and. 41).

Fifandraisam-po feno fanahin'ny fivavahana, fifampitsinjovana ny amin'izay ilain'ny mpiara-dia, fankasitrahana miompana eo amin'Andriamanitra, izany no nitarika ny fitomboan'ny Fiangonana, hita taratra amin'ny hoe: «*Ny olom-bonjena dia nanampin'ny Tompo isan'andro ho isan'ireo*» (and. 47). Ireo olona saro-kenatra, valabalaka, maro ahiana, dia nanjary voavoa ho vonton'ny iraka, feno fahasahiana, tery am-panahy hitory ny teny. Ny fanenjehana dia nahatery azy ireo hiely patrana

Ny fiandrasana vonton'ny fanahin'ny fivavahana dia niteraka fahasahiana feno ny Fanahy.

tany Samaria, Azia Minora, Rôma: hatramin'ny faran'ny tany. Niandry izay ireo ary nientanentana tamim-pahalaliana tamin'ny fitoriana ny hafatra momba ny Mpamonjy nitsangana tamin'ny maty; nitony an'izany teo amin'ny tontolo izay mihevitra ny hazo fijaliana ho fahadalana ho an'ny ankabiazan'ny olona (1 Kôr. 1:18).

Antony roa no nahatonga azy ireo ho tery am-panahy:
- Voalohany, niaraka tamin'i Jesôsy izy ireo. Niresaka ny amin'i Jesôsy izay nifandray am-po taminy akaiky dia akaiky izy ireo. Niainany izany hoe Amintsika Andriamanitra izany, ary ny fivelomana an'izany no nanova azy ireo.
- Faharao, niarina mafy tamin'ny Soratra Masina izy ireo ary niondana faminiana. Feno fitanisana teny avy ao amin'ny Testamenta Taloha ny toritenin'i Petera tamin'ny Pentekôsta. Hitan'izy ireo tamin'ny nahatonga- van'ny Mesia ny andron'i Jehôvah (Gal. 4:4), ary nino ny fiavian'i Kristy fanindroany izy ireo.

Misy toe-javatra azontsika isintonana lesona avy tamin'ny fanandramana nandalovan'ny Fiangonana voalohany eto: Sahala amin'ireo mpianatra teo aloha dia mila mahafantatra amin'ny fomba manokana ety dia ety an'i Kristy ho Mpamonjy ny tenantsika manokana isika. Tsy amin'ny alalan'ny honohono fotsiny no ahazoana tombontsoa amin'ny fahasovana. Tsy amin'ny alalan'ny fatoram-pihavanana na amin'ny firosahana ivelambelany ho mamban'ny fiangonana no ahazoana ny famonjena. Fifiandraisana manokana amin'ny llay Tompo nitsangana tamin'ny maty no fototra iorenan'ny fiandrasana mahatoky ny fiavian'i Kristy. Itokisan-tsika ny olona izay fantatsika tsara; ary mba hahafantarantsika tsara an'i Jesôsy dia mila mandany fotoana miaraka Aminy isika amin'ny alalan'ny fifampiresahana Aminy amim-bavaka sy amin'ny fianarana ny Teniny. Lafiny anankiray amin'ny fiandrasana ny fiavian'i Jesôsy ihany koa dia ny fahazoana ny hevitra ny hafatry ny faminiana Andriamanitra ho an'ny andro ankehitriny iainantsika izao. Hatramin'ny niaran'ny vanim-potoanan'ny faminiana hatreo amin'ny 1844 no ho mankany dia miaina amin'ny andro farany isika. Ny Dan. 9:24-27 dia manampy antsika hampifantoka ao an-tsaina ny faminiana lavaben'ny 2300 andro hita ao amin'ny Dan. 8:14 izay nampivalaketra- ka an'i Daniela. Ny 70 herinandro dia «nesori

na» avy amin'ilay vanim-potoana lavabe nanomboka tamin'ny taona 457 talohan'i Kristy rehefa nanome fahefana an'i Ezrà «*hanao izay sitrak'izy sy ny rahalahiny amin'ny volafotsy sy ny volamena sisa*» (Ezrà 7:18) i Artakserse, mpanjaka Medô-Persiana. Izany no nahatonga an'i Ezrà nony farany hanorina ny mandan'i Jerosalema, toe-javatra mampifanojo ny voalaza ao amin'i Dan. 9:25 amin'ny fivoahan'ny didy «*hananganana sy hanamboarana indray an'i Jerosalema*».

Azo itokiana ny faminiana ara-Baiboly. Rehefa tonga ny fotoan'andro izay nolazain'ny mpaminany sy mpahita mialoha dia niditra an-tsehatra tamin'ny tantaran'ny tany i Jesôsy ka nanova izany ho mandrakizay. Raha misy hevitra sy azo anteharana ny fidiran'Andriamanitra an-tsehatra amin'ny fomba goavana amin'ny fahatanterahan'ny faminiana amin'ny vanim-potoana isanisany, nahoana moa no tsy vao mainka mendri-pitokisana llay nilaza hoe: «*Indro avy faigana Aho*» - Apôk. 22:12!

HO AVY TSY HO ELA AHOANA MARINA MOA?

Ireo Advantista tany am-boalohany dia nahazo an-tsaina fa rehefa hoe tsy ho ela hoy Andriamanitra dia tsy ho ela tokoa izay. Ny fiainan'izy ireo, ny laharan-pahamehana teo amin'izay notontosainy, ny fanantenany, dia nifantoka teo amin'izany fotoana be voninahitra ny tantara izany. Tsy ho ela dia ho avy i Jesôsy handray ho any aminy ireo navotany. Na izany aza anefa dia efa 170 taona mahery izay no lasa.

«Ho avy tsy ho ela ahoana marina moa ny Tompo?» hoy isika manontany tena. Eny, hita mazava dia mazava ary mihamaro am-pianahana ireo famantarana ny Fivavany (Mat. 24: mahita an'izany isika isaky ny manindry ny bokotry ny vata fahita lavitra, mizaha ny Facebook (hafatra an-tranonkalam-pifandraisana) ankafizintsika, na rehefa mamaky ny vaovao mikasika ny ady, ny loza voajanahary, ny hatezavana, ny fahasorisorenana be ihany, ny habibiana, ny lesoka amin'ny arapana- hy sy ny amin'ny tomban-bidy, ny fahasamihafana ara-tsôsialy. Raha mijery amin'ny fitaratra isika dia mahita mihitsy aza fahafaham-po ny amin'ny tena mampihaminkamina an'i Laodikia. Tena hita mibaribary tokoa fa anty olona saro-bahana ity tontolo

misy antsika ity - krizy ara-toe-tsaina, ara-toe-karena, ara-piaraha-monina ary ara-tontolo iainana.

Tsy afaka hitohy amin'izao fotsiny hatrany ny fiainana. Voafetra ny loharanom-pamokarantsika; tsy ahita-mitsinjo ny olana mahazo antsika. Kanefa dia mbola manantena vahaolana izay avy amin'i Kristy irery ihany isika. Sahala amin'ireo mpianatra dia mahazo antoka «ny teny faminiana» izay «maly orina» isika izay hitarika antsika toy ny jiro mahazava ao amin'ny fitoerana maizimaizina (2 Pet. 1:19).

Toy ny tamin'ny Pentekôsta dia afaka mahita ny Fanahin'Andriamanitra miasa manodidina antsika isika. Ny hafatry ny fiaviany tsy ho ela dia manova fiainana maro ary manokatra lalana any amin'ny tanan-dehibe, any anivon'ny tanàna be mponina, any an'ala, any an-tampon-tendrombohitra. Miandry hatrany isika ary manao ny asa fanampoana satria izany no fomba fiainan'ny zanak'Andriamanitra hatramin'ny nahitan'ny mpianatra an'i Jesôsy niakatra ho any an-danitra teo anivon'ny rahona. Vavaka iray amin'ny fotoana maha-mety azy dia mahatonga fanitarana ny ambain-dain'ny fanjakan'Andriamanitra. Eo anivon'ny fahoriana sy fijaliana eto amin'ity tany ity, eny, eo anivon'ny disadisantsika dia miandry amim-paharetana sy amim-pahatokiana isika. Ary amin'ilay andro lehibe izay hamiratra noho ny andro hafa rehetra dia hiantoraka eo an-tsandrin'lay Mpamonjy sady Mpanjakantsika isika ka hiteny Aminy hoe: «*Jesôsy ô, fantatray fa ho avy ho anay Hianao, satria izany no efa nolazainao rahateo*»

FANONTANIANA HOERITRERETINA SY HIFANOLORAN-KEVITRA ARY HIFAMPIZARANA FANANDRAMANA

1. Amin'ny fomba ahoana no sady iandrasantsika ny fiavian'i Jesôsy no manatontosana asa rahateo eto amin'ny tontolo izay tsy mba manana toerana ho an'Andriamanitra?
2. Inona no fifandraisana misy eo amin'ny fifohazana sy ny fanantenana ny amin'ny fiavian'i Kristy fanindroany?
3. Nahoana no varimbariana na kivv mihitsy aza isika eo am-piandrasana ny fiavian'i Kristy? Inona no fanafodin'ny hakiviana sy ny fahavarimbariana?
4. Amin'ny fomba ahoana no iandrasantsika amim-pahatokiana ny fiavian'i Kristy amin'ny maha-vahaokan'Andriamanitra antsika no sady ho fitahiana ho an'ny manodidina antsika?

«Ianao Irery no Manana Tombam-bidy»

FIANKOHOFANA SY FIAVIAN'I KRISTY FANINDROANY

Efa ela no nanao fitsisiana ara-bola ity fianakaviana anankiray mba hahazoana manao fialan-tsasatra any an-tany hafa. Rehefa tafiditra tao anaty fiara manidina izy ireo ka nahazo toerana dia niara-nisento tokana nanao hoe «Fialan-tsasatra, indro fa nisy ihany nony farany» - dia samy raiki-tory daholo ry zareo nony avy eo. Adiny enina taorian'izay, taitra mafy tokoa izy ireo raha nahita ilay fiaramanidina nisosa tamin'ny tany hanatona ny vavahady. Mba hevero anie ny fahatairana sy ny fahatafintohinana nanjo azy ireo e! Indreo lehilahy maro mihararetry ny hatsiaka mitafy lobaka mitopatopa. Fakan-drovotra mitodi-doha any amin'ny toera-mafana no nandoavany vola - kanefa dia tany Alaska izy ireo no indro mitsororika amin'ny fiaramanidina.

Azonareo an-tsaina ve ny tena tsy finoan'izy ireo ny zava-nitranga? Na izany na tsy izany, fiaramanidina tsy tokony ho nandehanana no nidiran'izy ireo nefa dia tsy nisy nahatsikaritra an'izany tamin'izy ireo. Tsy rivotra manga sy hazorofia ahofahofan'ny tsioka no tsapa fa rivotra mamananala sy ranomandry vao avy nirotsaka mitandavana aok'izany.

Mety tsy ho diso fiaramanidina tokony hidirana angamba isika ka ho tena diso fitodiana, saingy mety ho dilan'ny fiainana mialoha ny toe-javatra faran'izay tena lehibe hiseho. Ny Advantista dia trotraky ny fiandrasana lavareny, varivarian'ny serasera mahavalalanina sy ny zava-maromahasarika, miroanahana eo anatrehan'ny fomba maro ankehitriny heverina anatonana an'Andriamanitra, ary indro fa eo anivon'ny ady ifanjivoana momba ny fiankohofana, fifanolanana mila hampisavorovoro no

fiaraha-monina sy ny fiangonana. Izany ady momba ny fiankohofana izany dia tsy hoe momba ny zava-maneno ampiasaina amin'ny fotoam-pivavahana na momba ny gadon-kira. Fa mbola lasa lavitra dia lavitra noho izany, izany hoe mipaka any amin'ny ain-dehibe mihitsy.

IZA NO IANKOHOFANAO?

Fiankohofana feno finoana no mampiavaka ny vahoakan'Andriamanitra amin'ny andro farany. Raha tsorina dia izao: ny anjely voalohany ao amin'ny Apôk. 14 izay manidina eo afovoan'ny lanitra ary manambara ny filazantsara mandrakizay dia manainga antsika «*hatahotra an'Andriamanitra ka hanome voninahitra Azy fa tonga ny andro fitsarany. Miankohofa eo anoloan'izay nanao ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina ary ny loharano*» - Apôk. 14:7.

Ventin-kevitra lehibe ao amin'ny Apôkalipsy ny fiankohofana. Ny vahoakan'Andriamanitra dia miankohoka eo anatrehan'ny Zanak'Ondry izay eo amin'ny seza fiandrianana (Apôk. 4:10; 5:14; 7:11; 11:16). Mbola Satana, ilay dragona no mangataka fiankohofana avy amin'ny mponina ambonin'ny tany sy mibaiko an'izany rahateo (Apôk. 13:4,8,12,14). Fantany fa isika dia manolo-tena ho an'izay iankohofantsika.

Ka dia mitohy isan'andro ny tolonga manerana ny vohon'ny tany. Misy miankohoka amin-javatra hita maso. (Taloha izany dia nantsoina hoe manompo sampy fa amin'izao fotoana kosa antsointsika hoe materialisma). Misy manompo vahoaka. Tamin'ny taona 2010, i Paul Froese sy i Christopher Bader, mpampianatry ny Oniversite Baylor dia namoaka rijan-kevitra ny amin'ny hoe: NY ANDRIA-

MANITRA EFATRI AMERIKA: IZAY LAZAINSIKA MOMBA AN' ANDRIAMANITRA - ARY IZAY LAZAIN'IZANY MOMBA ANTSIKA. Rehefa nanadihady momba ny fivavahana izy ireo dia manambara fa manana fomba fijery efatra ny Amerikanina ny amin'ny momba an'Andriamanitra; misy toetra toy izao ny fahitana Azy:

- Andriamanitra maneho fahefana
- Andriamanitra be fandavan-tena
- Andriamanitra be fanaraha-maso
- Andriamanitra any lavitra any.

Mazava ho azy fa ny fahatakarantsika ny momba an'Andriamanitra dia mandrafitra ny fiankohofantsika Aminy. Raha Andriamanitra tsy mifanakaiky fo amintsika Izy ary be fanaraha-maso dia manompo Azy amim-pahamalinana tsara sy amim-pomba voalamina tsara ny olona. Raha Andriamanitra be fandavan-tena Izy (ary izay mihitsy moa no tena toetran'ny) ary miankina amin'ny maha-manana fahefana Azy rahateo izay lafin-toetra izay dia heverintsika ho «voninkazontsika» Andriamanitra. Indraindray ary dia heverintsika ho araky ny endri-tsika Andriamanitra nefa isika no tokony hankasitraka Azy ny amin'ny nanaovany antsika araka ny «endryny», araka ny fitoviana Aminy (Gen. 1:27).

NY FIANKOHOFANA SY NY FIFOHAZANA

Ny jery todika vetivety momba ny tantaran'ny Isiraely dia manamafy ny fifandraisana ety misy eo amin'ny fiankohofana sy ny fifohazana. Ny fanavaozana ny Tempoly sy ny famerenana amin'ny laoniny nataon'i Hezekia dia narahin'ny fankalazana ny Paska (2

Tant. 29 sy 30). Taonjato iray tatỳ aoriana teo ho eo, dia nanomboka fifohazana lehibe teo amin'ny Isiraha ary ny mpanjaka Josia ka nofoanany ny toerana avo tao Joda sy tao Jerosalema, ny toeram-panompoana an'i Aseraha ary ny endrim-panompoan-tsampy faha (2 Tant. 34). Tatỳ aoriana dia namerina ny tena fankalazana ny Paska araka ny tokony ho izy i Josia (2 Tant. 35, indrindra indrindra ny and. faha-18).

Indraindry, ohatra ny hoe heverintsika ho araka ny endritsika Andriamanitra kanefa isika no tokony hankasitraka Azy ny amin'ny nanaovany antsika araka ny endriny, araka ny fitoviana Aminy. Rehefa mifantoka amin'ny fisaintsainana ny amin'Andriamanitra isika dia mahatsiaro famelombelomana izany; milamina ny amin'ny laharam-pahamehana tokony himasoana; mitamberina ao an-tsaintsika ny amin'ny hoe izy marina moa isika (zava-manan'aina nisy Mpahary); fantatsika ny maha-tsinontsinona ny fiezahantsika hanorina hoavy mifantoka amin'ny tena fotsiny ihany. Ny lala-mahitsy dia mitarika antsika avy amin'ny fifohazana ho amin'ny fanavaozana ny fiankohofana.

NY FIANKOHOFANA SY NY FIAN-DRASANA NY FIAVIAN'I KRISTY

Tsy hoe lohateny ara-teôlôjika fotsiny eo amin'ny fandaharam-potoanan' Andriamanitra momba ny andro farany tsy akory ny fiankohofana. Ny fiankohofana marina izay mifanohitra amin'ny fiankohofana sandoka dia mampitodika ny fijeerintsika hiala amintsika fa ho eo amin'ny llay Mpahary sy Mpanavotra antsika kosa. Hisy hafa izay afaka ahita izany amin'ny lafiny fampiharana. Nanoritsoritra ny amin'io lafiny iray mazava dia mazava ny amin'ny fiankohofana io ny Apôstôly Jakôba: *«Izao no fivavahana madio sady tsy misy loto eo anatrehan'Andriamanitra Ray: ny mamangy ny kamboty sy ny mpitondratena amin'ny fahorianty sy ny miaro ny tena tsy hisy pentimpentina avy amin'izao tontolo izao.»* - Jak. 1:27.

Ny vahoaka miandry ny fiaviana be voninahitry ny Mpampianany sy Tompony dia tsy mitomoe-poana any amin'ny mônastera sy ny fiangonana ary ny toeram-pitobiana, ka miady hevitra ny amin'ny zava-tsarotra manodidina ny fiaviany sy ny maha-ilainany izany fiaviany izany. Fa manompo ny tsy manan-kialofana; mitondra fitahiana hita maso sy ara-panahy ho an'ireo ailikiliky ny fiaraha-monina sy ireo rehaka am-po; mikarakara ny marary ary mandray andraikitra ny amin'ireo efa ho faty. Misy fanambly ataontsika ny amin'ny fanompoana tsy mihevitra ny tena. Midika fandoazana ny faritra mampihaminkamina antsika izany - izany hoe ireo faritra ahatsiarovantsika hoe ohatra ny ao amintsika ihany isika. Manahaka ny fihetsik'i Jesôsy izay

Indraindry, ohatra ny hoe heverintsika ho araka ny endritsika Andriamanitra kanefa isika no tokony hankasitraka azy ny amin'ny nanaovany antsika araka ny endriny, araka ny fitoviana Aminy.

«nanafoana ny tenany tamin'ny nakany ny endriky ny mpanompo» (Fil. 2:7). Hitantsika ny nanatanterahana an'izany teo amin'ny nanasan'i Jesôsy ny tongotry ny mpianany - tao anatin'izany ilay hamadika Azy amin'ny farany - ary rentsika izy mampahatsiahy antsika ny amin'ny hanaovantsika toy izay nataony (Jao. 13:15). Mampahatsiahy antsika ny amin'ny niaviantsika izany - nisy Mpahary feno hery nanao antsika araka ny endriny, araka ny tarehiny (Eks. 20:8-11). Izany koa dia milaza amintsika ny amin'ny llay Paradisa very sy ny planin'Andriamanitra hamerina izany indray amintsika - mpanota mila Mpamonjy isika ary mila fanafahana hiala avy ao Egipta (Deo. 5: 12-15). Ny famoronana sy ny fanavotana dia lohahevitra goavana eo amin'ny fiankohofantsika, ary ny Sabata tsirairay dia fomba anankiray enti-«mahatsiaro» an'izany.

Na izany aza, ny Sabata tsirairay dia manana ny heviny manokana eo amin'ny fiainantsika mialoha sabady ny fiavian'ny Tompo. Nosoloin'i Satana ho Alahady tsotra izao ny Sabata; mison-gadina fàtratra izany ao amin'ny toe-javatra hiseho amin'ny andro farany voatantara ao amin'ny Apôkalipsy izay miompana eo amin'ny andro marina fiankohofana (Apôk. 13:11-17; 14:9). Hoy i E.G. White: «Ireo manaja ny Sabatan'ny Baiboly dia hampangaina ho fahavalon'ny lalàna sy ny filaminana, ho mpandrodana ny lalàna mamefy ny fiainana ara-pitondrantena eo amin'ny tany ama-monina, ka mahatonga ny fanjakan' lbaroa sy fahalotoam-pitondrantena, sady miantso ny fitsaran'Andriamanitra hianjady amin'ny tany.» (HM, t. 617).

Ny fanazavana feno fahazavan-tsaina omen'i E.G. White dia mampahatsiahy antsika fa ny andro fiankohofana dia tsy hoe izay tiana hatao fa miankina aman'aina. Ny fanoloran-tenantsika ho amin'ny fiankohofana araka ny sitrapon'Andriamanitra dia miorina mafy eo amin'ny teny faminiana sy ny fahafantarana manokana an'i Kristy ho tena mendrika ny fiankohofana.

TSY MISY TOKONY HATAHORANA

Ny famakiana ny bokin'ny Apôkalipsy dia mety hampisafotofoto. Raha ny zava-tsarotra, ny fanenjehana, ny fanoharana an'Andriamanitra no

fiantohana dia mety ho indrindrafana be ihany sy ho raiki-tahotra isika. Na dia izany aza anefa, «ny fanambarana avy amin'i Jesôsy Kristy» (Apôk. 1:1) dia tsy manindry fotsiny ny amin'ny fotoan-tsarotra farany fa manandratra ny fifaliana fara tampony ny amin'ny fiankohofana amin'ny Zanak'Ondry mipetraka eo amin'ny seza fiandriana.

Ny toko fahafito dia milaza mialoha ny amin'ny fanehoana tsara: Jaona mijery ary mahita vahoaka be tsy tambo isaina mijoro manoloana ny seza fiandriana. Tsy afaka ny hangina fotsiny izy ireo; tsy afaka hikombom-bava fa mihoby hoe: «Ny famonjena anie ho an'Andriamanitsika izay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandriana sy ho an'ny Zanak'Ondry» (Apôk. 7:10). Ka dia miankohoka eo anoloan' llay nandao ny avotra faran'ny famonjena. Ny fifalian'izy ireo dia mampahatsiahy antsika ny fiadanan'ny lanitra sy ny firavoravoana mandrakizay. Ny fiankohofana asehon'izy ireo dia manome hery antsika hitoetra ho mahatoky ary vonona hanompo. Ny hiran'izy ireo dia milaza amintsika ny amin'ny hoavy tsy takatry ny saina. Tsy misy hafanana be mandoro, tsy misy kibo mitofezaky ny hanoanana, tsy misy ranomason-tahotra, tsy misy fahingnana samirery satria «hofasan'Andriamanitra ny ranomaso rehetra amin'ny masony» (Apôk. 7:17).

Andeha isika hiombona fiankohofana amin'izy ireo!

FANONTANIANA

HOERITRERETINA SY HIFANOLORAN-KEVITRA ARY HIFAMPIZARANA FANANDRAMANA

1. Amin'ny fomba ahoana no mahatonga ny fiankohofana ho fanoitra hitarika ny fiainana kristianiana?
2. Inona avy ny fifandraisana misy eo amin'ny fiankohofana sy ny Sabata?
3. Inona no fifandraisana misy eo amin'ny fiankohofana sy ny fiavian'i Kristy fanindroany? Nahoana no ampitandremana isika tsy «hiankohoka eo anolon'ny bibidia»?

Fomba Manao Ahoana Ary No Hiandrasantsika?

FITZOZANA MAHARITRA SY NY FIAVIAN'I KRISTY FANINDROANY

Anisan'ny herinandro fivavahana nampiantanentana indrindra tao amin'ny sekoly advantista nisy anay iny anankiray iny. Ny amin'ny toe-javatra hiseho amin'ny farany no toritenin'ny mpitandrina: Ho avy tsy ho ela Jesôsy! Raha ny marina, ho avy tsy ho ela tokoa Izy. Dia nisy ray aman-dreny nifanakalo resaka an-tariby tamin'ny zanany nianatra teo amin'ny sekoly, araka izao manaraka izao:

- Ilay zanaka vavy: pahafantatra an'izany isam-baravarena»

- Ilay raim-pianakaviana: «Tsara tokoa. Faly tokoa aho fa nahatretrika anao iny herinandro fiaraha-mivavaka iny. Fa nahoana no tsy te hanao na inona na inona intsony ianao manomboka izao?»

- Ilay zanakavavy: «Ka tena maika dia maika tokoa anie, ry Dada, ny tokony hanaovana dingana e! Tsy afaka hanohy ohatr'izay te aloha teo izay intsony isika. Ho avy i Jesôsy.»

- Ilay raim-pianakaviana: «Miontana iray ihany ny ambavafoko mandre izany resakao izany, anaka. Fa hono ho'aho, tsy afaka hanompo an'i Jesôsy tsara kokoa ve hianao rehefa mahavita fianarana? Azonao atao ve ny misaintsaina tsirin-kevitra vaovao mahombo ny amin'ny fampahafantarana an'i Jesôsy - ka sady mampahafantatra an'i Jesôsy amin'ny hafa no manohy fianarana?»

Matetika dia amim-pitolomana no iandrasantsika. «Rahoviana re no ho eo am-pelatanako ny tena taratasm-bolako voalohany indrindra?» hoy ny mpianatra efa amin'ny sehatra avoavo ihany amin'ny fianarana rehefa miditra amin'ny dingana avoavo kokoa noho ny teo amin'ny fandrantoana fahaizana izy.

«Rahoviana re no ho tonga ny Krismasy!» hoy ny ankizy sady amin'izay maimay fatratra erÿ izy ireo. «Rahoviana ihany ary aho vao mba ho salama» hoy ireo milafika amin'ny aretina maharitra. «Ny faharetana dia toetra mendrika» hoy ny fitenenana, ary ny toetra mendrika dia toa efa nilaozan'ny toetr'andro. Velona eo amin'ny tontolon'ny fitadiavana fahafaham-po eo no ho eo isika.

Nila niandry i Abrahàma sy Saraha - raha ny marimarina kokoa dia nila niandry 25 taona (Gen. 12:4; 21:5). Tsy mora mandrakariva ny miandry. Hita izany teo amin'ny nahaterahan'i Isimaela; niandry 11 taona taorian'ny teny fikasana voalohany nomen'Andriamanitra no nisian'izany, ary toa lala-miodina niteraka fahasahiranana nampisavoritaka ny reheotra. Mbola niandry niandry ihany anefa i Abrahàma sy Saraha ary nitohy nonina tao amin'ny tany nampantanenain'Andriamanitra homena azy ireo. Sahala amin'ireo olon'ny finoana tatÿ aoriana dia velon'ny finoana izy ireo (Heb. 8:12) ary nitohy natoky an'Andriamanitra hitondra ny vahaolana.

Nanantontosa izany tokoa Andriamanitra. Ary mbola hanao izany indray Izy amin'ilay andro iray amin'ny farany rehefa hiseho eny amin'ny rahon'ny lanitra Izy. Ny Apôk. 14:12 dia milaza amintsika ny toetoetry ny vahoakan'Andriamanitra amin'ny andro farany. Fantatsika ny amin'ny finoan'i Jesôsy ary ny fitandremana ny didy. Tena mitolona isika ary amim-paharetana (Apôk. 14:12; Apôk. 13:10); izany no ivon'ny fiainan'ilay antokon'olona mpino. Feno finoana izy ireo; fantany ny fandaharam-potoanan'Andriamanitra ny amin'ny andro farany; mino ny fanomezam-pahasoavan'ny faminania-

na izy ireo; ny tena toetra manome endrika izay rehetra atao ilain'izy ireo dia ny fitozoana maharitra.

Ny fitozoana sy ny faharetana dia mifandray amin'ny fomba ety dia ety ao amin'ny Apôk. 13:10. Ireo izay mahatsinjo ny faharatsiana ary mahatohitra ny langolango ataon'ilay bibidia sy ny sariny dia manam-paharetana ary mahatanty lazon'ady. Tsy miray petsapetsa amin'izay tsy izy; tsy mitokana any amin'ny mônastera na any an-tany foana. Fa monina tsara eo anivon'ny tanàn-dehibe sy ny toeran-davitra eto an-tany ka toy ny tanan'i Jesôsy sy tongotr'i Jesôsy ary manolotena hanompo an'«ireo rahalahy kely indrindran'i Jesôsy» (Mat. 25:40).

FIANDRASANA NY ANDRO FARANY

Nampidiran'i Jesôsy sary mandona fanadonainana eritreritra tao amin'ny toriteniny momba ny andro farany.

Nanorisoritra ny fizotran'ny fitsarana ataon'ny mpanjaka Izy ka ny ondry dia eo ankavanan'ny sefa fiandrianana ary ny osy kosa eo ankavia (Mat. 25:31-46).

Monina tsara eo anivon'ny tanàn-dehibe sy ny toeran-davitra eto an-tany izy ireo ka toy ny tanan'i Jesôsy sy tongotr'i Jesôsy ary manolotena hanompo «ireo rahalahy kely indrindran'i Jesôsy»

Mazava ho azy fa tsy resaka fiompiana na ondry sy osy ara-bakiteny no tian'i Jesôsy holazaina eto. Ao amin'ny tantaran'i Jesôsy, ny Mpanjaka raha miteny amin'ny eo an-kavanany dia nidery azy ireo hoe nanome hanina Azy raha noana Izy; nanome Azy hosotroina raha nangetaheta Izy; namangy Azy; nanome fitafiana ho Azy; nanolotra fanasana ho Azy. Niangalian'i Jesôsy

Monina tsara eo anivon'ny tanàndehibe sy ny toeran-davitra eto an-tany izy ireo ka toy ny tanan'i Jesôsy sy tongotr'i Jesôsy ary manolo-tena hanompo an' « ireo rahalahy kely indrindran'i Jesôsy »

fatratra ny sary an'ohatra nomeny, amin'ny maha-mpamaky antsika dia miendrika ondry tokoa no fahitana ny marina. «*Tompoko, oviانا hianao no hitanay noana?*» (Mat. 25:37) hoy izy ireo. Dia hamaly ny Mpanjak'ana hanao hoe: «*Araka izay efa nataonareo tamin'ireto rahalahiko kely indrindran'ireto no nataonareo tamiko*» - Mat. 25:40.

Ny fiandrasana amin'ny andro farany dia fiasana eo am-piandrasana. Manampy an'ireo mila fanampiana avy amintsika ary mifandray amin'ireo nailikilika. Miainga avy eo amin'ny toerana misy haminkamina mahazatra antsika ka mifandray amin'ireo olona tsy dia mahazatra antsika loatra ny mifandray aminy. Na ao amin'ny seha-pifandraisana anaparashana hery miasa mangina anivon'ny tanàndehibe ifangaroharoan'ny zava-masina sy tsy masina ary koa ny fahantrana, na ao amin'ny toera-pitsaboana tery misy kanonkanona momba ny ady amin'ny retina any ambany ravin-kazo any toy izay fahita any Afrika, na ao amin'ny toeram-pitantanana avo lentan'ny ivon-toeram-pampianarana manomana mari-pahaizana «Ph.D» sy «Maître», na any anaty akata lavitra dia lavitra any ambanivohitra any, dia tan'Andriamanitra hanehoana amin'ny alalan'ny vahoakany ny fomba enti-miandry marina ny fiavian'i Kristy fiandroyany. Hoy indrindra E.G. White: «Miandry sy miambina isika manoloana ny toe-javatra goavana sy mahatahotra hamarana ny tantaran'ny tany. Nefa tsy vitan'ny hoe miandry fotsiny fa mila sady miasa no miambina manoloana an'izany toe-javatra manetriketrika izany. Ny fiangonana velona, fiangonan'Andriamanitra dia sady miandry no miambina no miasa. Tsy misy hoe tsy miandany amin'ny atsy na ny aroa. Fa samy maneho an'i Kristy avokoa amim-pahavitrihana, amim-paharisihana fatratra hamonjy ireo olona eo an-dalam-pahaverezana. (Testimonies to Ministers and Gospel Workers, t. 163).

Indro misy tsipiriany iray koa amin'ny fiandrasana amim-paharetana aty amin'ny andro farany: Miandry an'ilay Tompontosika ho avy sy handray antsika ho any aminy dia tsy midika hoe efa famantarana tanteraka indray izay hita izay. Ireo olona manodidina antsika dia

tsy mila hoe taitairina mba ho indrakindrafana na anaovana dinika iombonana mahazendana ny maso. Ny Soratra Masina dia manamafy fa misy herin'i Satana izay mandrobo sy manodoka fatratra ka raha azo atao na dia ny olom-boaifidy aza dia hofitahiny (Mat. 24:24). Fanenjehana, vaovao tsy marim-pototra, fanolanana ny tena izy, fanarahan-dalàna diso ohatra, fanodinkodinan-tsaina no fitaovana ao amin'ny tahirim-pitaovam-piadiana izay mazàna ampiasain'ilay fahavalon'Andriamanitra.

Ny toritenin'i Kristy amin'ny andro farany dia mbola mifantoka hatrany amin'ny asa fanompoana sy ny asa anirahana ny fiangonana. «*Ary hotorina amin'izao tontolo izao ity filazantsaran'ny fanjakana ity ho vavolombelona amin'ny firenena rehetra dia vao ho tonga ny farany*» - Mat. 24:14. Mampahery ny mahafantatra fa tsy ho tratry ny tampoka i Jesôsy.

MAMORONA ZARIDAINA

Isan'andro ity mpamily fiara mpitatitra olona iray dia mila miandry fito minitra eo amin'ny fiavian'ny zotra falehany eo amin'ny faritra maloto dia maloton'ny tanàndehibe anankiray. Teo am-piandrasana ny fiangany izy dia nanamarika sombin-tany iray feno dia feno fako. Fono plastika sy voron-kitsay ary savorovoron-javatra tsy ilaina maro tokoa no nisavovona sy niely patrana teo rehetra teo. Isan'andro ilay mpamily dia mijery an'io toerana mampitsoa-pahana io. Indray andro anefa izy dia nandray fanapahan-kevitra. Misy zavatra tokony hatao hoy izy eto amin'ity toerana mampitsoaka matanjaka ity. Nidina avy tao anaty fiara fitaterana izy ary nandraoka fako iray kitapo be. Afaka fito minitra nanaovany an'izany dia lasa izy nitondra ny fiara fitaterana, nanohy ny asany mahazatra. Dia toy izany no nataony isan'andro. Rehefa tonga eo amin'ilay toerana dia mijanona miantsona eo, midina mivoaka ny fiara ary manomboka manadio ilay toerana.

Voamariky ny olona teo an-toerana àry ny fiovana. Voaaisotra niala teo avokoa ny loto sy ny fako rehetra ary rehefa izany dia nitondra voam-bo-

ninkazo sy tany teo ingahy mpamily. Dia indro nisy nanatona azy nikolokolo sy nikarakara ilay zaridaina. Nisy kosa nigoka ny hasoa sy hakanton'ilay zaridaina. Fito minitra isan'andro dia ampy hitondra fanovana sy hampita tsirin-kevitra tsara teo amin'ny fiaraha-monina iray manontolo.

Mety mahamonamonaina sy handrera-tsaina ny fiandrasana; kanefa izany dia mandrisika antsika handroso lalina.

Eo an-dalam-piandrasana isika ankehitrilo ka dia te hamome vatsim-paharetana sy fitozoana ho an'ny olony amin'izao andro farany izao Andriamanitra. Eo am-piandrasana dia antsaina isika handinika amim-pilaminana ny fantsika ary hirotsaka hiasa. Eny, ho avy tsy ho ela i Jesôsy. Eny, mitady olona manolo-tena amin'ny fo manontolo sy amin'ny saina manontolo ho Azy Izy. Raha mbola eo am-piandrasana ny fiaviany, ndeha hanompo Azy eo amin'io misy antsika io - amin'ny fantsika rehetra, amin'ny fanahintsika rehetra ary amin'ny herintsika rehetra (Deo. 6:5).

FANONTANIANA

HOERITRERETINA SY HIFANOLORAN-KEVITRA ARY HIFAMPIZARANA FANANDRAMANA

1. Efa mihoatra ny 170 taona izao no nitoriantika ny amin'ny fiavian'i Jesôsy. Inona no lesona sintonintsika avy amin'ireo olona betsaka ao amin'ny Baiboly izay niandry an'izany toa antsika ihany koa?

2. Inona no mampiantanentana anao indrindra amin'ireo foto-kevitra ara-Baiboly mandrisika ho amin'ny faharetana sy ny fitozoana hatrany?

3. Na aiza na aiza misy anao, ahoana no hahatonga anao ho tanana sy tongotr'i Jesôsy mirotsaka tokoa amin'ny fitoriana ny filazantsara?

«ny Zanakalahinareo sy ny Zanakavavinareo Haminany»

NY FANOMEZAM-PAHASOAVAN'NY FAMINANIANA SY NY FIAVIAN'I KRISTY FANINDROANY

Indray Alarobia hariva dia tomaratra mena anitra mamirapiratra ny lanitra ka nanaitra nampitsamboatra ny mponin'i Nouvelle Angleterre. Ireo nanatri-maso dia nilaza fa toa nandihy nihevaheva nanonja aok'izany teo anivon'ny tany rakotry ny ranomandry ny loko menamena dorehitra. Maro no raiki-tahotra fatratra noho izany toe-javatra tsy fahita firy izany eo amin'ny tanamasoandro no ilay antsoina hoe «aurore boréale» amin'ny lafitany avaratra, fa tsy mba indrakindrafana toy izany kosa i Ellen izay sivy taona tamin'izay. Vao avy narary noho ny voina nihatra tamin'ny Ellen tamin'izay ka mbola voatazona teo am-pandriana. Tsy afa-niarina izy fa afaka nahita kosa ireo tana-masoandro hafahafa nitomaratra teo amin'ny varavarankelin'ny efitrano fandriany. Ary raha tsy tafatombin'ny tahotra ny olon-kafa, izy kosa faly sy ravo satria nihevitra izy fa fiverenan'i Kristy fanindroany io natrehina io. Efa tsy andriny erỳ mantsy io zava-dehibe io ary nandritra ny fiainany dia niomana sy nampahafantatra an'izany no nimasoany. Fa iza moa ity tovovavikely tsindrina-daona fatratra ny amin'ny fiavian'i Jesôsy ity?

MIHAONA AMIN'I ELLEN WHITE

Ellen Gould White dia vehivavy miavaka manokana izay saika ampahany tamin'ny taonjato fahasivy amin'ny folo no betsaka tamin'ny androm-piainany (1827-1915). Ankehitrivo dia mbola misy akony amin'ny olona maro manerana ny vohon'ny tany ny zavatra izay nosorantany. Foto-kevitra maro dia maro tokoa no nikoriana avy teo amin'ny penin'i Ellen White. Lahatsoratra mifanesy

mihoatra lavitra ny 5000 sy boky 40 no nosoratany. Amin'izao fotoana izao, mihoatra ny boky 100 amin'ny teny angalisy no nosoratany, ao anatin'izany ny foto-kevitra noraketina mitambatra norantovina avy tamin'ny pejy 50.000 diam-peniny. Lafin-kevitra sy lohahevitra midadasika be velarana maro tokoa no novelabelarin'ny amin'ny zavatra nosoratany. Izy dia nanoratra mikasika ny fivavahana, ny fanabeazana, ny fifandraisana amin'ny hafa, ny fitoriana ny filazantsara, ny faminiana-na, ny famoaham-boky, ny sakafo ary ny fitondrana orinasa ihany koa aza. Ny anankiray anisan'ny bokiny fanta-daza indrindra dia «Ny Dia ho eo amin'i Kristy» aely patrana amin'ny fiteny mihoatra ny 160, mifantoka eo amin'ny lalan-jotran'ny Kristianina.

NY FANOMEZAM-PAHASOAVAN'NY FAMINANIANA SY NY FIAVIAN'I KRISTY FANINDROANY

Fa tsy hoe mpanoratra manana fanomezam-pahasoavan'ny asasoratra fotsiny tsy akory i Ellen White. Ny Baiboly dia milaza ny amin'ny isehoan'ny fanomezam-pahasoavan'ny faminiana ao amin'ny Fiangonana Kristianina mialoha indrindra ny fiavian'i Kristy fanindroany. Joe. 2:28,29 dia milaza ny amin'ny teny fikasan'Andriamanitra handrotsaka ny Fanahy Masina ary hanome ny fanomezam-pahasoavan'ny faminiana-na. «Ary rehefa afaka izany dia handatsaka ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra Aho; dia haminany ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo; ny lahiantitrareo hanonofy; ary ny zatovonareo habita fahitana; ary na dia ny mpanompolahy sy ny mpanompovavy aza dia handatsahako ny

Fanahiko amin'izany andro izany». Ny fitomboana fatratra sy ny fanomezam-pahasoavana hita teo amin'ny Fiangonana voalohany dia santatry ny fiavian'ny Fanahy Masina mialoha ny fiavian'i Kristy fanindroany. Ao amin'ilay toriteny mahery vaika tamin'ny Pentekôsta, Petera dia mitanisa andininy ao amin'i Joela (Asa. 2:16-21), nefa tsy tamin'io ihany no nanomezana io fanomezam-pahasoavana io.

Ny andininy sisa amin'io toko ao amin'ny bokin'i Joela io dia manambara ny amin'io fanomezam-pahasoavana io ary maneho ny fidiran'Andriamanitra an-tsehatra amin'ny fandrotsahana ny herin'ny Fanahy alohan'ny fiavian'i Kristy fanindroany. Ao amin'ny Apôk. 22:17, jaona dia manoritsoritra ny toetoetra roa lehibe mampivaka ny vahoakan'Andriamanitra amin'ny andro farany. Mitandrina ny didin'Andriamanitra ary manana ny «*filazana an'i Jesosy*». Ny Apôk. 19:10 dia manambara mazava fa «*ny filazana an'i Jesosy no fanahin'ny faminiana*» - Apôk. 22:9.

MANAMPY AMIN'NY FANOMANANA OLONA HO AMIN'NY FIAVIAN'I KRISTY FANINDROANY

Ny fiainan'i Ellen White sy ny asany dia maneho fara faharatsiny ampahany amin'ny fahatanterahan'ireo zavatra nolazain'ny Baiboly mialoha. Nandritra ny 70 taona niasany dia nahita fahitana an-jatony sy nofy ara-paminiana maro izy. Ny fahitana dia tsy mitovy ny faharetany; fa misy iray minitra; misy maharitra hatramin'ny adiny efatra any ho any. Nantsoin'Andriamanitra izy ho mpanompy manokana hitondra hafatra hisintona ny fahalianan'ny

mponina an-tany ho eo amin'ny Baiboly ary hanomana vahoaka ho amin'ny fiavian'i Kristy fanindroany. Hoy indrindra izy amin'izany: «Izao no ventin'ny hafatra ampitaiko aminareo: Aoka ho vonona, aoka ho vonona hitsena ny Tompo. Karakarao ny fanalanareo ary avelao ny fahazavan'ny fahamarinana hamirapiratra hatrany lavitra any sy any amin'ny fizaram-paritra rehetra. Ilaina tokoa ny mampitandrina ny eto an-tany rehetra ny amin'ny maha-akaiky ny faran'ny zavatra rehetra» (Testimonies for church, boky faha-9, t. 106).

Mazava ho azy fa tsy fanampin'ny Baiboly velively na solon'ny Baiboly io fanomezam-pahasoaovan'ny faminiana io. Ny Baiboly no hany faneva tokana ijoroan'izay rehetra nosoratan'i Ellen White ary ny diam-penina hafa rehetra dia tokony hosedrainsa toy izany rahateo ihany koa. Seventh Day Adventist's Believe, t. 227). Ny Baiboly no isedrana raha tahiny ka ny asany tokoa no fanomezam-pahasoaovana voalaza mialoha ao amin'ny bokin'i Joela sy ao amin'ny Apôkalipsy. Tanteraka teo amin'i Ellen White avokoa ny takin'ireo mason-tsviana amantarana ny mpaminany marin'Andriamanitra. Ny asan'i Ellen White dia mitaona sy mandrisika ho amin'ny fandalinana amim-pahamalinana misimisy kokoa ny Baiboly.

Tsy misy na dia iray aza mamaky ny diam-penin'i Ellen White ka tsy hahatsapa fa antomotra dia antomotra ny faran'ny zavatra rehetra ka misy dingana maika dia maika tokony hatao. Raha ny aminy dia tamin'ny fiandrasana ny fiavian'i Kristy izay nampoizina ho tamin'ny 1844 no niantombohan'ny nifandraisany manokana tamin'i Jesôsy. Ary na dia toe-javatra hafa aza no niseho fa tsy ny fiavian'i Kristy fanindroany, ary azony tsara mihitsy izany, dia hafanam-po vokatr'izany fientanentanana izany no niainany hatrany.

FIAINANA NIOVA

Filazana mialoha mikasika ny fiavian'Andriamanitra hitsara sy hanafaka no toa foto-kevitra fototra voizin'ireo mpaminany ao amin'ny Testamenta Taloha. Isaia, Ezekiel, Joela, Zefania ary ireo mpaminany hafa ao amin'ny Testamenta Taloha dia nilaza mialoha ny «andron'i Jehovah». Mazava sy milaza toe-javatra antomotra ny fanambaran'i Joela: «Aoka hangovitra ny mponina rehetra amin'ny tany: Fa azy ny andron'i Jehovah, eny, efa antomotra izany» - Joe. 2:1.

Ireo nanoratra ny Testamenta Vaovao dia nanambara toy izany koa. Petera, Paoly, Jakôba ary ireo mpanoratra hafa ao amin'ny Testamenta Vaovao dia samy



Ellen White dia naneho tamin'ny diam-peniny sy ny fiainany ny maha-saro-pady ny miaina ny vanim-potoana anelanelan'ny ankehitrinio sy ny mandrakizay

nino ary nampianatra ny fiavian'i Jesôsy tsy ho ela. Hoy Petera ao amin'ny 2 Pet 3:9,10: «*Ny Tompo tsy mahela ny teny fikasany araka izay ataon'ny sasany ho fahelany; fa mahari-po aminareo Izy ka tsy tiany hisy ho very fa mba ho tonga amin'ny fibebahana izy rehetra. Fa ho avy tahaka ny mpangalatra ny andron'ny Tompo, ary amin'izany ny lanitra dia ho lasa amin'ny firimorimoana mafy, ary ho levon'ny afo ny tenan'ny zavatra rehetra, ka hodorana avokoa ny tany sy ny asa izay eo aminy*».

Io finoana ny fiavian'i Jesôsy tsy ho ela io no toa fanoitra nahatonga ny fiavana ary hery nanentana ny fipariahan'ny filazantsara nanerana ny Fanjakambe Rômaniana tao anatin'ny taranaka iray.

Io finoana io no nanokatra lalana nanova fiainana, eny hatramin'ny fiavian'ny mpanao asa fambolena sy fiompiana iray tapa-kevitra fa handalina manokana ho an'ny tenany ny Baiboly.

Rehefa avy nandalina ny faminiana ao amin'ny Daniela toko faha-8 mikasika ny 2300 andro i William Miller dia nahita fa ho avy faingana tsy ho ela i Jesôsy. Nihorina ny hodi-dohany nieritreritra fa «afaka dimy amby roapolo taona eo ho eo dia hifarana ny zavatra rehetra» (Light bearers, t. 33). Tsara loatra taminy izany vaovao izany ka tsy hainy notazonina ho azy samirery. Tsapany fa tsy ho avy ny famphafantarana ny hafa an'izany vaovao izany sady tsy manana fanandramana rahateo ny amin'ny fitene-nana imasom-bahoaka mihitsy izy; nefa dia resy lahatra izy fa manana adidy hilaza amin'ny hafa. Ny tena faniriany lalina dia ny hahita olona manaiky an'i Jesôsy ho Mpamonjy azy sy mibanjina ny fifaliana ny fiaviany tsy ho ela. Ny finoana ny fiavian'i Jesôsy tsy ho ela no nanosika sy nanentana ity mpiompy marefo ity.

Io finoana niorina ara-Baiboly ny fiavian'i Jesôsy io no vatofantsika ho an'ireo mpino advantista nangasihasy rehefa tsy niverina araka izay nantennain'izy ireo tamin'ny 1844 i Jesôsy. Nitarika azy ireo hiverina handinika

indray ny Baiboly izany; handinika indray ny faminiana; izany no nahatonga azy ireo hahita fa marina ny vanim-potoana notinendry fa ny zava-niseho tamin'izay no tsy araka izay noeritreretina!

Tsy hoe ho avy i Jesôsy fa niroso kosa tamin'ny lafiny farany amin'ny asany ao tamin'ny fitoerana masina any an-danitra. Mbola tsy nivaona tamin'ny faminiana izy ireo tamin'izany, ary Jesôsy dia efa ho avy indray --- tsy ho ela tokoa.

Io finoana io no nampirobobo ny fitomboan'ny fihetsehana advantista niainga avy amin'ny olona an-jatony vitsivitsy hanjary mihoatra ny 18 tapitrisa. Io fiandrasana ny fiavian'i Jesôsy fanindroany io no nampisy todika manokana ny fiainan'i Ellen White ka nahatonga azy niasa nampivelatra ny fiangonana advantista mitandrina ny andro fahafito. Ny fiavian'i Jesôsy dia tsy hoe fomba fijery an'eritreritra momba ny ho avy fotsiny. Ho an'i Ellen White, ny fiavian'i Jesôsy fanindroany dia toe-javatra automotiva mitaky fitoriana ny vaovao mahafaly manerana izao tontolo izao ao anatin'ny fotoana fohy araka izay azo atao. Hoy izy: «Avy ny Tompo. Rentsika ny famindran'Andriamanitra miha-manatona... Mila manomana ny lalany isika ary mitondra ny anjara birikintsika amin'ny fanomanana vahoaka ho vonona amin'izay andro lehibe izay» - Evangelism, t. 219.

TANDREMO NY MAKA TENDRONY

Ho an'ny advantista sasany, ny finoana ny amin'ny fiavian'i Jesôsy tsy ho ela dia toa nitarika azy ireo haka tendrony (fanatique) saingy i Ellen White kosa dia nanizingizina ny amin'ny finoana miiorina mafy amin'ny Soratra Masina fa tsy amin'ny fiontanam-po mahery vaika fotsiny.

Ellen White dia naneho tamin'ny diam-peniny sy ny fiainany ny mahasaro-pady ny miaina ny vanim-potoana anelanelan'ny ankehitrinio sy ny mandrakizay

Ny taratasy nosoratan'i Ellen White sy ny lahatsoratra narafiny dia feno

toe-javatra firobohana amin'ny drafitra fampandrosoana hita maso, hita vatana, fampiharana ny fanorenana ny fanjakan'Andriamanitra eo am-pifantohana amin'ny fiavian'i Kristy fanindroany. Ireny dia maneho amintsika fa tsy hoe mampiodina antsika tsy hiatrika ny fiainana andavanandro tsy akory ny finoana ny fiavian'i Kristy fanindroany fa manosika antsika kosa hiainana ho antsika na ho an'ny manodidina antsika fiainana manomana tontolo ho amin'ny fiavian'i Jesôsy.

«*Fa tsy manaô na inona na inona tokoa Jehovah Tompo raha tsy milaza ny heviny amin'ny mpaminany mpanompony*», hoy i Amôsa efa mihoatra ny 2750 taona izao (Amô. 3:7). Mitaona izany teniny izany Andriamanitra ka manome tari-dalana manokana amin'ny alalan'ny mpaminany.

Amin'izao fara tampony amin'ny tantaran'ny tany izao, andeha havelantsika hiditra an-tsehatra indray Andriamanitra. Meteza hazazo hery sy omena toro-marika amin'ny famakiana sy fampiharana ny torohevitr'Andriamanitra amin'ny alalan'ny diam-penin'i Ellen White. Mila mamikitra ny fahitana ny amin'ny ho fonenantsika rahatrizay eo akaikin'Andriamanitra isika. Vonona ny hanome ny Pentekôsta faharoa Izy sy hitarika antsika amin'ny alalan'ny teny faminiana nomeny. Fa ny fanontaniana mipetraka dia ny hoe: Vonona ho amin'izany ve isika?

FANONTANIANA

**HOERITRERETINA SY
HIFANOLORAN-KEVITRA
ARY HIFAMPIZARANA
FANANDRAMANA**

1. Amin'ny fomba ahoana no nahatonga ny fahafantarana ny antsika ho fihetsehana ara-paminiana ka hanosika antsika hanolo-tena bebe kokoa amin'ny asa fitoriana amin'ny hafa?
-
2. Inona no fifandraisana misy eo amin'ny finoana ny fiavian'i Jesôsy tsy ho ela amin'ny fifohazana sy fanavaozana?
-
3. Amin'ny fomba ahoana no anampian'i diam-penin'i Ellen White antsika hisoroka ny fandraisana an-tendrony?

Minoa *ireo* Mpaminaniny

Fifohazana
sy FANAAVAOZANA

JANAO, NY FIANKAVANAO, NY FIANONGVANA, NY FIARAHAMONINA

Akaro ho amin'ny avoavo kokoa ny fainana ara-panahinao
Andao hiaraka amin'ny tohin'ny «Velomin'ny Teniny»

« Minoa ieo Mpaminany 1», tohin'ilay tetikasa «Velomin'ny Teniny», dia fandaharana mandritra ny dimy taona, amin'ny alalan'ny famakiana ny Baliboly isan'andro sy ny asasoratr'i Ellen White misy ireto boky ireto: Ny Dia ho eo amin'i Kristy, Henoinareo ny Fanoharana, Patriarka sy Mpaminany, Mpaminany sy Mpanjaka, Fitavana Mandresy, Vavolombelona Mahery ary ny Hery Mifanadrina



«Kristy ao Anatinareo, Fanantenan'ny Voninahitra»

FAHAZOANA ANTOKA SY FIAVIAN'I KRISTY FANINDROANY

Nisy mpanao vonjy taitra tany Los Angeles County, Californie, nanano sarotra tamin'ny anankiray nilaina nentina nankeo amin'ny lalana hahazoana ho tafavoaka. Ny fomba namonjena ilay niharam-boina efa nananosarotra be ihany, izy rahateo koa mbola nanampy trotraka fa vao mainka nanasaro-javatra indray ary nampidi-doza ny fiainan'ny hafa. Rehefa nihaodihady teo ambonin'ny lohany ny angidimby (hélicoptère) hamonjy azy dia nitroatroatra fatratra sy niantambotsamotra be ihany izy sady nitsipatsipaka aok'izany. Natahotra ny hotakina vola noho ilay famonjena azy mantsy izy. Nandresy lahatra azy fatratra ireo mpanao vonjy taitra fa maimaimpoana ny fanavotana azy; dia izay vao notolorana vonjy izy.

MIKIRY AMIN'NY LALANTSIKA

Ahoana no fahatsapanao ny famonjena anao? Vonona ny hovonjen'i Jesôsy ve ianao? Vonona ny hihaona Aminy ve ianao anio? Raha mbola eo am-pieritretetana isika fa tiantsika ny hovonjen'i Jesôsy dia maro amintsika no mety hisalasalana ny amin'ny hoe anio. Raha avy anio Jesôsy, vonona ve aho? Avo tokoa ny fanevan'ny lanitra. Raha tena dinihintsika tsara ny fiainantsika dia fehin-kevitra iray no mivoitra - mpanota avokoa isika (Rôm. 3:9). Tsy mendrika ho any an-danitra isika. Misy zavatra tokony hatao.

Ny ankabeazan'ireo antokom-pivavahana lehibe eto an-tany no misy itovizany. Mila manao zavatra vao mahazo zavatra; takalo patsa vidim-pihinanana; mila sandaina ny famonjena. Eny, na dia ny fivavahana kristiana aza dia manana izany foto-pisainana izany mifitsapitsaka ao anaty ao tsy tandritandrina akory. Manomboka amin'ny hoe mila mivavaka, mamaky Baiboly, na hoe koa manao ny tsara mba hampahatoky antsika fa efa miha-ao tsara isika. Latsa-paka amin'ny fomba manjavozavo ny hoe: Kristy miampy ny tsara ataontsika no mahavonjy antsika.

FILAZANTSARA

Angamba mety ho isika no ho toy ilay rangahy tra-pahavoazana, natahotra ny hovonjena satria mahafantatra fa tsy manan-kaloa ny amin'izany. Raha ny tena izy anefa dia misy vaovao mahafaly, eny, tena vaovao mahafaly tokoa. Marina fa mpanota daholo isika, tsy afaka handoa ny onitry ny otantsika. Saingy Jesôsy dia maty noho ny fahotantsika ka tsy mila ny ho faty noho izany fahotantsika izany isika (2 Kôr. 5:21). Jesôsy no nisolo teo an-kazo fijaliana ny tokony ho fahafatesantsika ka dia afaka isika. Tsy mila mandoa na inona na inona noho izany avotra izany isika --- fa efa naloa manontolo teo Kalvary izany. Rehefa maka an'i Kristy ho Mpamonjy ny tenantsika manokana isika dia afaka manana toky feno fa

raha ho avy izao ankehitriny izao aza Jesôsy dia ho vonona hitsena Azy isika. fahasoavana manome fahafahana fa tsy hoe fahasoavana varo-boba

Te hanome antsika fahazoana antoka momba ny famonjena Andriamanitra (Rôm. 8:31,32). Eo am-pelatanantsika io fahazoana antoka io rehefa tsy mijery ny ezaka avy amin'ny tenantsika ataontsika isika fa mifantoka eo amin'izay nataon'i Jesôsy ho antsika.

Dia betsaka ny Kristianina no midanaka indrakindrafana eo antrehan'izay toe-javatra izay. Toa mora dia mora izany manaiiky ny fanomezan'antoka omen'Andriamanitra izany ka dia matahotra izy ireo fa hoe manjary «varo-boba» ny famonjena; izany dia fomba fijerin'ireo te hitohy hilomano ao anaty fahotana ka mitalaho famelankeloka nefa tsy te hiova fomba fiaina mihitsy. Ny famonjena dia manolotra fahafahana fa tsy varo-boba tsy akory. Ny fanolorana ny fiainana mandrakizay dia novidin-dafô tsy takatry ny saina mihitsy. Io fanavotana io dia ny ain'i Jesôsy mihitsy no nanefa mba hahazoana azy. Ary na dia omena malalaka aza izany dia misy dingana ataontsika. Mila fandinihana akaikikaiky kokoa ny Baiboly isika fa izany no hanampy antsika be dia be.

Ny zava-dehibe dia ny miantehitra Jakôba dia nahatsapa fa nila famonjena. Nahare tsilian-tsofina izy fa tamy ao i Esao rahalahiny mitondra tafika mirongo fiadiana.

Eto an-tany izay lafiny ilany amin'ny lanitra, ny atao hoe fahatanterahana dia fitomboana tsy miato fa tsy hoe fijanonana amin'ny fenitra iray; ary tsy ny fiavosan'ny zavatra be dia be ataontsika amin'ny fanaovana an'izao sy izao tsy akory no ahatarantsika an'izany fahatanterahana izany.

Nampitondra fanomezana mialoha ho azy i Jakôba ho fandrindram-pihavanana fa toa tsy nanova na inona na inona izany. Tamy i Esao ary vonona hamaly faty. Nalefan' i Jakôba mialoha ery am-pitan'ny rano ny ankehonany, ary indro fa nitolona irery tamam-bavana nitalaho fitahiana tamin'Andriamanitra izy.

Nila famonjena ho afaka tamin'ny tanan' i Esao izy; fantany koa anefa fa amin'ny maha-mpandainga azy dia tsy manana ny rariny hangataka fanampiana amin'Andriamanitra Izy. Hany ka rehefa tonga tokoa ny fanampiana dia tsy mby tao an-tsainy. Noheveriny fa nihataka taminy Andriamanitra ka dia indro fa iharan'ny fanafihana izy. Raha vao nangiran-dratsy, rehefa hitany fa hoe iza no nitolomany dia azony ny fahazoan'antoka nilainy. Fa nahoana? Nijanona tsy nitolona tamin'Andriamanitra intsony izy fa vao mainka namikitra Taminy aza (Gen. 32: 22-29).

Manomana ho antsika ny famonjena sy ny fahazoan'antoka ilaintsika isika rehefa mifikitra Aminy. Izaon fomba ilazan-dRamatoa White an'izany: «*Ireo rehetra mino dia mila mampifanaraka ny fiainany amin'ny sitrapon'Andriamanitra ary mitandro ny fanahin'ny fibebahana sy ny maha-torotoro fo sy mangorakoraka, matoky ny fahamendrea mahavonjy ao amin'ilay Mpanavotra ka mandroso avy amin'ny hery ho amin'ny hery, avy amin'ny voninahitra ho amin'ny voninahitra*». Ramatoa White dia manohy manamafy fa ny famonjena dia mila dingana manaoatra noho ny fahafantarana ara-tsaina na noho ny finoana ara-tsaina fotsiny. Ny hoe mahafantatra an' i Jesôsy dia mihaoatra noho ny hoe manana eritreritra nampahery momba ny famonjena fotsiny; tsy hoe mahatsapa mangorohoro anaty ao an-tsaina ao fotsiny ihany koa. Fa «*mivoy, mampiditra an-tsehatra finoana*» ary mandeha avy amin'ny hery ho amin'ny hery.»

Jakôba dia namariparitra mazava fa tsy misy heviny ny finoana raha tsy arahina fankatoavana (Jak. 2:19,20).

Oha-piainana amin'ny lafiny fampiharana no omen'ny epistilin' i Jakôba ny amin'ny hoe namela ny helotsika Andriamanitra ary mino ny famonjeny antsika isika KA dia mankatô Azy. Ny hoe miara-mandeha amin'Andriamanitra dia misy akony eo amin'ny fiampiaiainana andavanandro. Azontsika atao âry ny manana fatokiana fa ho vonona hitsena an' i Jesôsy isika raha tonga anio Izy.

NY LAFINY FARANY AMIN'NY ASA FANAVOTANA

Ny fiavian' i Jesôsy fanindroany no toe-javatra farany goavana indrindra amin'ny fanavotana eo amin'ny tantaran'ny tany. Ny Baiboly dia milaza fa ho sahala amin'ny taratasy voahorona ny lanitra (Isa. 34:4) ary hivembena dia hivembena sahala amin'ny mamono tany (Isa. 24:20).

Moa ve mila fahamasinana manokana ny fahazoana mitsena ny fiavian' i Jesôsy? Misy Advantista sasany manitrikitrika mitaky mba ho hita taratra eo amin'ny fahatanterahan-toetran'ny mpino velona amin'ny andro farany ny fahatanterahan-toetra toy izay misy eo amin'Andriamanitra. Izany fitakiana izany dia vokatry ny fanasratsarahana ny fanambarana sasany nataon-dRamatoa White amin'ny tontolon-kevitra ny zavatra hafa rehetra nosoratany rahateo. Izany fanitrikitrihana izany dia maninteraka tahotra ary mampitodika ny Kristianina hibanjina anaty ny tenany ihany fa tsy hibanjina an' i Jesôsy. Andriamanitra dia maniry indrindra ny taranaka Kristianina tsirairay nifandimby hahita fandresena eo amin'ny fiainany ny famelezan'ny ota (Rôm. 6:11-14). Na izany aza anefa, eto an-tany izay lafiny ilany amin'ny lanitra, ny atao hoe fahatanterahana dia fitomboana tsy miato fa tsy hoe fijanonana amin'ny fenitra iray; ary tsy ny fiavosan'ny zavatra be dia be ataontsika amin'ny fanaovana an'izao sy izao tsy akory no ahatarantsika an'izany fahatanterahana izany.

Fa ny tokony hataontsika kosa dia ny miantehitra amin' i Jesôsy. Ny tolona isan'andro âry dia ny manilika ny mibahambahana rehetra manasaraka antsika amin' i Jesôsy; toy izany no nataon' i Jakôba; namikitra tamin' i Jesôsy izy fa tsy nanakifaka ny Fanahy na niezaka nanampy tosika Ilay namonjy azy. Ny hoe matoky fa vonona hitsena an' i Jesôsy dia tsy miankina amin'ny hoe mahatratra fetram-pahamasinana toy izao na toy izao. Fa izany kosa dia hita ao amin'ilay nolazain' i Paoly manao hoe «maty isan'andro» ny amin'izay mampisaraka antsika amin'Andriamanitra ary mamikitra amin'ireo teny fikasany.

Rehefa voahorona ohatra ny taratasy ny lanitra ary mivembena ny tany dia afaka miteny amim-pahatokiana isika manao hoe: «*Indro Andriamanintsika; aoka ho faly sy hiravonavy amin'ny famonjeny isika*» - Isa. 25:9.

FANONTANIANA

HOERITRERETINA SY HIFANOLORAN-KEVITRA ARY HIFAMPIZARANA FANANDRAMANA

1. Ahoana no ahazoantsika antoka fa ho vonona hitsena an' i Jesôsy raha ho avy anio Izy?
2. Inona no antenain'Andriamanitra hataon'ny mpino isaky ny taranaka tsirairay? Inona no maha-samy hafa an'izany amin'ny hoe ny taranaka farany ety an-tany dia tsy maintsy tonga amin'ny fahatanterahana
3. Amin'ny fomba ahoana no anampian-tsika ny zanatsika habita filialiana amin'ny fahazoana antoka ny famonjena?

Horohoro Faran'izay Goavana Fanantenana Faran'izay Goavana

NY FAHAZOANA ANTOKA SY NY FIFALIANA NY AMIN'NY FITSANGANANA AMIN'NY MATY

Ireo mpahay siansa dia nanaraka izay voalazan'i Charles Darwin tao amin'ny boky navoakany mikasika ny «Niandohan'ny karazan-java-manan'aina» izay nanozongozona an'izao tontolo izao; ka dia niezaka izy ireo hitady izay hoe avy amina zava-manan'aina efa nisy taloha elabe na «fossile» inona no niaviantsika. Tamin'ny taona 1910, i Charles Dawson, mpandinika ny rakitry ny ela voatototry ny tany (archéologue) dia nahita izay noheveriny fa «fossile» manaporofa ho avy amin'ny fivoarana miandalan'ny zava-manan'aina efa nisy tany aloha no nipoiran'ny zanak'olombelona. Raha lazaina mahitsy dia mahitsy dia izay nolazainy fa hitany no lainga sy hosoka faran'izay nampidi-doza indrindra noraketin'ny tantara.

Ny vokatr'ilay fikarohana dia nanjary fantatra tamin'ny anarana hoe: «Homme de Pilttdown» (ilay isan'ny razamben'ny olona, hita tao Pilttdown). Tsy inona izany fa ampahana karandoha ary valanorano misy nify. Nentin'i Dawson tany amin'ny «paléontologue» (manam-pahaizana manokana momba ny soritry ny zava-manan'aina efa niaina fahagolan-tany) manana ny maha-izy azy izany zavatra hitany izany; io manam-pahaizana io dia nanamafy fa marina tokoa izay voalazan'i Dawson. Vetyvety dia niely patrana manerana an'izao tontolo izao ilay vaovao. Saingy tsikelikely teny dia nihanibaribary ny lainga marivo tototra momba ilay «Olona tao Pilttdown». Matetika mantsy

dia tsy mifanojo ny toe-javatra volena eny ho eny sy ny tena zava-misy mibaribary marina. Nanodidina ny taona 1950 dia nisy fizahana aman-tsedra natao nahafantarana fa vao manodididina ny 600 taona fotsiny izay no nisian'ilay karandoha, ary ilay valanorano kosa dia valanoranoa «orangoutan» (rajakobe). Ohatra ny hita taratra fa nisy olona manam-pahaizana namboamboatra ny fampifanojoana ilay karan-doha tamin'ilay valanorano ka nandondoko nify natsatoka teo ka toa «nampitombina» ilay zava-baovao vao hita.

«TSY HO FATY TSY AKORY HIANAREO» - TENA IZANY MARINA TOKOA VE?

Misy zavatra mampihorohoro ao amin'izany hoe nandaingana izany; tsy misy mihiitsy te hiharan-dainga. Indraindray dia ohatra ny azo inoana izany ny lainga, na koa hoe tsy tiantsika ho lainga ilay notenenina tamintsika. Iray amin'ireo tena laingabe voalohany ilay nolazain'ny menarana tamin'i Eva tao amin'ny saha Edena. Eva dia nino ny fanambaran'ny menarana nanao hoe: «Tsy ho faty tsy akory hianareo» - Gen. 3:4 - ka dia nihinana ny voan'ilay hazo. Ary hatramin'izay ka hatramin'izao dia miantehitra amin'ilay lainga isika. Eny, na dia efa manoloana fahafatesana tsotra izao aza dia mbola manantena ihany fa hoe misy ampahany amin'ilay maty mivezivezy mitohy miaina any ananona.

Izay lainga izay dia mitovy amin'ilay hosoka faran'izay ninoana ary niely patrana maneran-tany. Ny fanontaniana mivaivay ho antsika rehetra dia ny hoe: Inona no miseho rehefa maty isika?

NY TORIMASOM-PAHAFATESANA

Ny Soratra Masina dia milaza fa tsy mahalala na inona na inona ny maty. Izany hoe oharin'ny Baiboly amin'ny torimaso ny fahafatesana. «Fa fantatry ny velona fa ho faty izy fa ny maty kosa tsy mba mahalala na inona na inona (...) Na ny fitiavany, na ny fankahalany, na ny fialonany, dia samy efa levona ela sady tsy manana anjara intsony mandrakizay amin'izay aty ambanin'ny masoandro izy». Nanamafy izany i Petera tamin'ny andro Pentekôsta raha nilaza ny amin'i Davida mpanjaka: «*Ry rahalahy, aoka aho mba hilaza aminareo marimarina ny amin'i Davida patriarka, fa efa maty izy ka nalevina koa, ary ny fasany eto amintsika mandraka androany*» - Asa. 2:92. Dia manohy izy hoe: «*Fa tsy Davida no niakatra any an-danitra*» - Asa. 2:34.

Eny e, ka na tsy ara-Baiboly aza izany, inona moa no ratsy amin'ny hoe mino fa any amin'ny toeran-tsambatra ny havana maty? hoy ny sasany izay miroanahana be ihany eo anatrehan'ny maha-zava-misy ny fahafatesana. Ny finoana fa ny maty dia any ho any ary mbola mahafanta-javatra dia misy akony roa. Voalohany, manokatra varavarana ho kilalalaon'ireo hery ratsy

izany, hery izay misandoka ho havantsika ka lazina fa hoe afaka mifandray amintsika. Faharao, manilika ny ilana ny fiavian'i Jesôsy fanindroany izay toe-javatra faran'izay goavana indrindra eo amin'ny tantara.

NY FARA TAMPON'NY TANTARA

Ny Baiboly dia manambara fa ny fiavian'i Jesôsy fanindroany no fara tampon'ny tantaran'ny tany. Tsy hoe feo ambany dia ambany tsy takatry ny ankabiazan'ny olona izany. I Jesôsy dia nilaza fa tsy azo ihodivirana izany fa ho salaha amin'ny helatra hita hatrany atsinanana ka hatrany andrefana izany (Mat. 24:27). I Jaona ihany koa dia nanampy hoe «*Ny maso rehetra ahita Azy*» - Apôk. 1:7.

Toe-javatra mahagaga sy mahazendana ary mampitampim-bava tokoa izany. Ny fiavian'i Kristy fanindroany no fanantenana mahafinaritra ho an'ny Fiangonana. Ny fiavian'ny Mpamonjy dia ho ara-bakiteny, ara-batana, hita maso ary hita amin'ny fotoana iray maneran-tany. Rehefa ho avy Izy dia hatsangana ny marina efa maty. Antony iray io hampahavesa-danja ny hoe «*Hianareo izay maty, mitsangana amin'ny maty*». Mampahita antsika mialoha ny amin'izany ny apôstôly Paoly ao amin'ny 1 Tes. 4:16,17: «*Fa ny tenan'ny Tompo no hidina avy any an-danitra amin'ny fiantsohana sy ny feon'ny arikanjely ary ny trompetran'Andriamanitra, ka izay maty ao amin'i Krsity no hitsangana aloha; ary rehefa afaka izany dia isika izay velona ka mbola mitoetra no hakarina hiaraka aminy ho eny amin'ny rahona*».

Amin'ny fiavian'i Kristy, ireo maty tao amin'ny Kristy dia hitsangana ho amin'ny fiainana mandrakizay. Koa satria fantatsika fa ireo maty dia ao am-pasana, ny teny fikasana ny amin'ny fiavian'i Kristy fanindroany sy ny fitsanganana amin'ny maty ho amin'ny fiainana mandrakizay dia tena zava-dehibe manokana ho antsika.

TOE-JAVATRA ANANKIRAY - SETRI- NY ROA SAMY Hafa

Tamin'ny ady lehibe faharoa dia indreo nisy babo taitra mafy nandre feona fiaramanidina nisodosody teo ambonin'ny toby nisy azy ireo. Sady nitroatra nivoaka ny tranomboka nisy azy ireto azo babo no sady niandrandra ny lanitra ihany nitsirika hoe fiaramanidina mitondra ny marika mampivavaka manao ahoana sy manao ahoana ireto misodisoddy ireto. Rehefa izany dia nanomboka nihiaka tamim-pifaliana

Eto an-tany izay lafiny ilany amin'ny lanitra, ny atao hoe fahatanterahana dia fitomboana tsy miato fa tsy hoe fijanonana amin'ny fenitra iray; ary tsy ny fivonasan'ny zavatra be dia be ataontsika amin'ny fanaovana an'izao sy izao tsy akory no ahatarantsika an'izany fahatanterahana izany.

ireto babo, sady nivezika tetsy no nivezika teroa no nifamihina nifangia. Tsy fiaramanidin'ny fahavalo tsy akory ireo misodisoddy ireo fa fiaramanidin'ny tafiky ny firenena niavian'ireto babo. Tsy ampy toy inona akory dia afaka tsy voagadra intsony ireo nobaboina. Andro iray toa zato teo amin'ny fiainan'ireo nobaboina io andro iray io fa ho an'ny andaniny kosa dia nitondra horohoro fatratra ny fahanoana ny fikatrokroky ny hery milin'ny fiaramanidina fa tsy niteraka fifaliana. Horohoro toa niharo tsy finoana no nandramby ireo mpiambina ny toerana namonjana ireto babo. Tonga ny fitsarana ireto mpiambina. Tsy ho elia dia tsy maintsy hampamoahina ny amin'ny halozan-toetra nasehony izy ireo. Nivajijitry ny tahotra izy ireo ka dia rifatra nandositra tany anaty ala ary nilaozany teo ny lahasany.

HOROHORO SY FIFALIANA

Mitondra fifaliana ny fieritreretana ny amin'ny fitsanganana amin'ny maty izay ho fotoam-pankalazana sy fihaonana saingy ho andron'ny horohoro kosa izany ho an'ireo tsy niomana ho amin'ny fiavian'i Jesôsy. Izany dia fotoana faran'izay mahafaly amin'ny tantaran'ny tany ho an'ny sasany fa faran'izay mampihorohoro kosa ho an'ny sasany. Ireo izay tsy niomana ho amin'ny fiavian'i Jesôsy dia ho diso fanantenana tokoa ka hiantsoantso ny tendrombohitra sy ny vatolampy hoe: «*Mianjerà aminay, ka afeno izahay amin'ny tavan'ilay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana sy amin'ny fahatezeran'ny Zanak'Andry*» - Apôk. 6:16. Tsy misy tokony ho amin'ity ankolafiny farany izay hiantsoantso ity isika na iray aza. I Jesôsy dia efa nanao izay rehetra azo atao hananantsika fifaliana manontolo rehefa mby amin'ny fiaviany.

Na maty na tratan'ny fiavian'i Kristy mbola eo am-pahavelomana isika dia afaka ahita maso ilay fitsimbadihana lehibe indrindra eo amin'ny tantara. Ho hitantsika rehefa hofaonana amin-pandresena ilay fahavalo lehibe dia ny fahafatesana.

Hoy Ramatoa White mamariparitra indrindra ny amin'izany: «*Mivembena ny tany, mitsoriadiaka ny tselatra,*

mirefodrefotra ny varatra, ary re ny feon'ny Zanak'Andriamanitra miantso hifoha ny olo-masina matory. Mijery ny fasan'ny marina izy ka manandratra ny tanany ho amin'ny lanitra, ary miantso hoe: «*Mifohaza, mifohaza hianareo izay matory ao amin'ny vovoka, ary mitsangàna!*» Eran'ny vazan-tany rehetra no handrenesan'ny maty io feo io, ary izay mandre dia ho velona. Koa dia ho re eran'ny tany ny fikatrokroky ny tafika faran'izay lehibe avy amin'ny firenena rehetra, ny fokom-pirenena, ny samy hafa fiteny ary ny olona rehetra. Mivoaka avy amin'ny tranomaizin'ny fahafatesana izy ireny, mitafy voninahitra mandrakizay, ary miantso hoe: «*Ry fahafatesana ô, aiza nyfandresena? Ry fahafatesana ô, aiza ny fanindronana? Mpiraisain'ny marina velona sy ny olo-masina nitsangana tamin'ny maty ny feony manao hobim-pifaliana sy fandresena*».

Tsy mila hoe mino lainga isika. Rehefa mby amin'ny fahafatesana dia tsy anjarantsika ny manana finoana poak'aty ny amin'ny hoe mbola mitohy amin'ny fomba toy izao na toy izao any ananonanana any ny fiainana. Fa azontsika atao ny manana fanantenana mahafinaritra izay mampisinda avy eo amin'ny fahafatesana ny fanindronany. Azontsika atao ny mibanjina ilay fihaonan-dehibe rehefa miverina eny amin'ny rahon'ny lanitra i Jesôsy hanangana ny maty. Afaka hibanjina ilay arahaba lehibe tsy misy veloma intsony.

FANONTANIANA

HOERITRERETINA SY HIFANOLORAN-KEVITRA ARY HIFAMPIZARANA FANANDRAMANA

1. Amin'ny fomba ahoana no hahatonga ny fomba fijerin'ny Soratra Masina ny amin'ny maty hitondra fanantenana ho an'izay ory fo?
2. Inona no zava-doza amin'ny finoana ny tsy fahafatesan'ny fanahy?
3. Nahoana no zava-dehibe ny mahafantatra izay lazain'ny Baiboly ny amin'ny fomba havian'i Jesôsy?
4. Amin'ny fomba ahoana no ahazoana antoka fa ho faly sy ravo isika amin'ny fiavian'i Kristy fanindroany fa tsy hihorohoro?



SABATA FAHAROA

Mifarana Ny Ady

(Nosoratan'i Ellen White)

HIDANADANA MBA HO FIANARAN'NY VOAAVOTR'
ANDRIAMANITRA NY HAREN-TSAROBIDIN'
IZAO REHETRA IZAO MANONTOLO



Amin'ny fiafaran'ny arivo taona dia hiverina indray eto an-tany i Kristy. Hotronin'ny tafiky ny voavavotra Izy ary harahin'ny andian'anjely. Midina amin'ny fiandriana mahatahotra sy manetriketrika Izy sady mibaiko ny ratsy fanahy maty hitsangana mba handray ny anjarany. Mivoaka izy ireo ka toy ny tafika marobe, tsy hita isa tahaka ny tafika amin'ny ranomasina. (...)

Midina eo amin'ny tendrombohitra Oliva Kristy (...) Rehefa midina avy any an-danitra Jerosalema Vaovao, izay sady kanto no mamirapiratra, dia hipetraka eo amin'ny toerana efa nodiova sady voamana handray azy, ka hiditra ao amin'ny Tanàna Masina i Kristy miaraka amin'ny vahoakany sy ny anjelyny. Manomana ny ady mafy farany ahazoana ny fahefana fara tampony izao i Satana. Raha mbola nesorina taminy ny heriny ka voasakana tsy hanao ny asa fahitahana ny andrianan'ny haizina, dia oriority izy sady kivy, nefa kosa rehefa mitsangana amin'ny maty ny ratsy fanahy ka hitany ireto vahoaka marobe miandany aminy, dia velona indray ny fanantenany, ka tapa-kevitra izy fa tsy hitsoaka amin'ity ady goavana ity. Halahany eo ambany fanevany ny tafiky ny olom-berny rehetra ka amin'ny alalan'ireo no hilofosany hanatanteraka ny etik'ady novolavolainy (...)

Ao amin'ireo vahoaka marobe ireo dia misy olona avy amin'ilay taranaka ela velona talohan'ny safo-drano; misy olona avo ranjanana sy ngezalahy ara-tsaina (...) Ao ireo mpanjaka sy mpitari-tafika izay nandresy firenena maro, olona be herim-po izay tsy mbola resy an'ady na oviana na oviana, feno rehareha, be hambom-po ka nihorohoro ny fanjakana rehefa mby akaiky izy (...)

Mila hevitra amin'ny anjelyny i Satana, ary avy eo dia amin'ireo mpanjaka sy mpanafika ary lehilahy mahery (...) Amin'ny farany dia omena ny baiko handroso, ka indreo vahoaka marobe tsy hita isa no mihetsika (...) Mandroso amin-pilaminana toy ny famindran'ny miaramila ireo laharana mifanizina mamakivaky ny tany mitriatriatra sy mikitoatoana manatona ny Tanànan-Andriamanitra. Noho ny baikon'i Jesôsy dia akatona ny vavahadin'i Jerosalema Vaovao, ary dia manodidina ny tanàna ireo tafik'i Satana, vonon-kirohotra hamely azy.

KRISTY SATROHANA SATRO-BONINAHITRA NO MAMOAKA NY DIDIM-PITSARANA

Miseho indray ho hitan'ireo fahavalon'ny izao i Kristy. Erỳ ambony lavitra noho ny tanàna dia misy seza fiandrianana avo sy manerinerina mitoetra amin'ny fototra volamena mamirapiratra. Eo amin'io seza fiandrianana io no mipetraka ny Zanak'Andriamanitra ary manodidina Azy ny vahoaky ny fanjakany (...) Eo anatrehan'ny mponin'ny tany sy ny lanitra tafavory no atao ny fanatrohana satro-boninahitra fara tampony ny Zanak'Andriamanitra. Amin'izay rehefa mandray ny fiandrianana sy ny hery farany ambony indrindra maha-Mpanjaka'ny mpanjaka Azy Izy dia mamoaka ny didim-pitsarana amin'ireo mpikomy amin'ny fitondram-panjakany ary mampihatra fanamelohana amin'izay nandika ny lalàny sy nampijaly ny vahoakany. Hoy ny mpaminanin'Andriamanitra: *'Ary hitako fa indro nisy seza fiandrianana fotsy lehibe sy ilay mipetraka eo amboniny; ny tany sy ny lanitra nandositra ny tavany, ka tsy nisy hitoerany intsony. Ary nahita ny maty aho, na ny lehibe na ny kely, nitsangana teo anoloan'ny seza fiandrianana; ary novelarina ny boky; ary nisy boky iray koa novelarina, dia ny bokin'ny fiainana izany; ary ny maty dia notsaraina araka izay zavatra voasoratra teo anatin'ny boky, araka ny asany»*. - Apôk. 20:11,12.

Raha vantany vao nosokafana ny boky firaketana ka mitopy amin'ny ratsy fanahy ny mason'i Jesôsy, dia tsaroan'izy ireo ny fahotana rehetra nataony hatrizay. Hitany tsara ny toerana izay nivilian'ny diany hiala ny lalan'ny fahadiovana sy ny fahamasinana, hitany koa ny lalana nitondran'ny avonavony sy ny fikomiany azy handika ny lalàn'Andriamanitra (...)

Voaantso hiseho eo anatrehan'ny fitsaran'Andriamanitra avokoa ny ratsy fanahy rehetra, voampanga ho namadika ny fitondram-panjakan'ny lanitra. Tsy misy mpisolovava ho azy ireo; tsy manana fialan-tsiny izy; koa dia mivoaka ny didim-pitsarana hanameloka azy amin'ny fahafatesana mandrakizay.

Hitan'i Satana fa nahatonga azy tsy ho mendrika ny lanitra ny fikomiana niniany natao. Nitaiza ny heriny hoenti-miady amin'Andriamanitra izy; ny fahadiovana, ny fiadanana sy ny

firindrana any an-danitra dia ho fampijaliana mafy indrindra ho azy. Mangina izao ny fiampangany ny fiandrampony sy ny fahamarinan'Andriamanitra. Ny fanomezan-tsiny niezahany natoraka tamin'i Jehôvah dia mianjera aminy manontolo. Koa indro àry i Satana efa miankohoka sy miaiky ny maha-rariny ny didim-pitsarana mihatra aminy. *«Iza no tsy hatahotra? Ary iza no tsy hankalaza ny anaranao, Tompo ô? Fa Hianao ihany no masina; ary ny firenena rehetra ho avy hiankohoka eo anatrehanao; fa efa naharihary ny fitsarana marina nataonao.»* Voavaha izao ny olana rehetra momba ny fahamarinana sy ny hevi-diso nandritra ilay ady nitarazoka naharitra ela. Ankehitriny dia afaka mandrakizay amin'ny fanatrehany sy ny fakampianahy ny zavaboary. Raha mbola voasoran'ny afo fandranganana ny tany, ny marina kosa mitoetra tsy manana ahiahy ao amin'ny Tanàna Masina. Tsy manan-kery amin'ireo izay nanana anjara tamin'ny fitsanganana voalohany ny fahafatesana faharoa. Afo mandevona ho an'ny ratsy fanahy Andriamanitra, fa *«Masoandro sy Ampinga»* kosa ho an'ny olony. (Apôk. 20:6; Sal. 84:11).

“Ary nahita lanitra vaovao sy tany vaovao aho; fa efa lasa ny lanitra voalohany ny ny tany voalohany”. Manadio ny tany ny afo izay mandevona ny ratsy fanahy. Voafafa ny ozona rehetra. Tsy hisy helo mirehitra afo mandrakizay eo anatrehan'ny voavonjy hampahatsiaro ny vokatra mahatsiravina avy amin'ny fahotana”

FAMPAHATSIAHIVANA TOKANA IHANY

Fampahatsiahivana tokana ihany no hitoetra: hitondra mandrakizay ny holatry ny nanomboana Azy tamin'ny hazy fijaliana Ilay Mpanavotra antsika. Eo amin'ny lohany noratraina, eo amin'ny tanany aman-tongony, ireo no hany soritry ny asa mahatsiravina nataon'ny fahotana (...) Koa ny mariky ny fanetren-tenany no voninahiny ambony indrindra; mandritra ny mandrakizay dia hampiseho ny fiderana Azy sy ny heriny ny holatr'i Kalvary.

«Ary hianao, ry tilikambon'ny andiany, tendrombohitr'i Ziona zanakavavy, aminao no ho tonga izany; eny, ho tonga ny fanapahana voalohany». - Mika 4:8. Tonga izao ny fotoana nandrindrain'ny olona masina hatramin'ny

nanakanan'ny lelafon'ny sabatra mihebiheby ireo mpivady voloahany tsy hiditra tany Edena, dia ny fotoanao «ho amin'ny fanavotana izay nalainy (Andriamanitra) ho an'ny tenany» - Efes. 1:14. Ny tany izay nomena ny olona tany am-boalohany ho fanjakany, kanefa natolony teo am-pelatanan'i Satana, ary notazonin'io fahavalao mahery io ela dia ela, ankehitriny dia tafaverina tamin'ny alalan'ny draftiry ny fanavotana. Tafaverina avokoa izay rehetra very noho ny fahotana...

«Ary ny oloko hitoetra eo amin'ny fonenana mandry fahizay sy ao amin'ny fitoerana mahatoky ary ao amin'ny fialan-tsatra feno fiadanam-po». «Ny fampahoriana tsy ho re eo amin'ny taninao intsony, na ny fandravana sy ny fandriringana ao anatin'ny faritaninao; ny mandanao dia hatao hoe Famonjena ary ny vavahadinao atao hoe Fiderana». «Hanao trano ny olona ka hitoetra ao; ary hanao tanimboaloboka ny olona ka hitoetra ao; ary hanao tanim-boaloboka ny olona ka hihinana ny vokatra aminy. Tsy hanao trano hitoeran'olon-kafa izy, na hamboly zavatra hohanin'olon-kafa (...) Ary ireo voafidiko dia hanaram-po amin'ny asan'ny tanany» - Isa. 32:18; 60:18; Isa. 65:22 (...)

Tsy mety hisy fanaintainana ao amin'ny rivo-piainan'ny lanitra. Tsy hisy intsony ny ranomaso, tsy hisy mpandevina mitanjazotra, tsy hisy mariky ny fisaonana. «Ary tsy hisy fahafatesana intsony sady tsy hisy alahelo na fanaintainana; fa efa lasa ny zavatra taloha». «Tsy hisy amin'ny mponina ao hilaza hoe marary aho; ny olona izay mitoetra ao dia voavela heloka» - Apôk. 21:4.

VONINAHITRY NY MANDRAKIZAY

Jerosalema vaovao no renivohitry ny tany vaovao be voninahitra (...) Tsy hisy alina intsony any amin'ny tanànan'Andriamanitra. Tsy misy bahatsiaro vizana ka haniry fialan-tsatra. Tsy hisy intsony harerahana amin'ny fanaovana ny sitrapon'Andriamanitra sy fiderana ny anarany. Ho tsapanika mandrakariva ny famelombelomn'ny maraina ary tsy hanam-pahataperana izany. «Ary tsy mba mila fahazavan'ny jiro na fahazavan'ny masoandro izy; fa ny Tompo Andriamanitra no hanazava azy». Ny fahazavan'ny masoandro dia hihoaran'ny famirapirana izay tsy hampanjambena, nefa hamirapiratra mihoatra noho ny amin'ny mitataovovonana.

«Ary tsy nahita tempoly teo aho; fa ny Tompo Andriamanitra, dia ny Tsitoha sy ny Zanak'Ondry no tempoliny». Mahazo tombontsoa amin'ny firaisana mivantana amin'ny Ray sy ny Zanaka ny vahoakan'Andriamanitra (...) Mijery ny taratry ny endrik'Andriamanitra isika (...) Hahafantatra «toy izay nahafantarana» azy ny voavotra ao. Ny fitiavana sy ny firaisam-po izay novolen'Andriamanitra tao amin'ny fanahy dia ho afaka hiseho amin'ny tena endriny marina sy mamy indrindra (...) Any amin'ny tany vaovao dia hibanjina ny hery mahagaga nahariana izao rehetra izao sy ny zava-miainin'ilay fitiavana manavotra ny voavonjy (...) Tsy hanasatra ny saina na handany hery ny fitadiavam-pahalalana. Ho tanteraka any ny fikasana mieziezina indrindra, ho tratra ny zava-kendrena ambony indrindra, ho tanteraka ny faniriana ambony indrindra; ankoatra izany anefa dia mbola hisy tendro vaovao hotratrarina; zava-mahagaga vaovao hahalana, anton-javatra vaovao hampiasana ny herin'ny saina sy ny fanahy ary ny tena. Hidanadana mba ho fianaran'ny voavotri'Andriamanitra ny haren-tsarobidin'izao rehetra izao manontolo. Tsy ho voasakantsakan'ny fahafatesana izy ireo ka afaka hisidina ary tsy ho sasatra, ho any amin'izao tontolo izao lavitra - izao tontolo izao izay mangitakitaka sy malahelo raha nahita ny fahorian'ny olombelona sy nihira hiram-pifaliana raha nandre ny amin'ny fanahy iray voavonjy. Tsy hay lazaina ny fahafinaretan'ny zanak'ity tany ity miditra eo amin'ny fifaliana sy fahendren'ireo mponina tsy lavo...

Ary arakaraka ny handrosoan'ireo taona tsy hanam-pahataperana dia hitombo hatrany ny fanambarana ny hasoa sy ny voninahitry ny fanambarana momba an'Andriamanitra sy Kristy. Ary arakaraka ny hitomboan'ny fahalalana no hitomboan'ny fitiavana, ny fanajana, ny fahasambarana koa. Arakaraka ny hahafantaran'ny olona bebe kokoa ny amin'Andriamanitra no hampitombo ny fankalazany ny toetrany. Rehefa sokafan'i Jesôsy eo anoloan'izy ireo ny zava-miainin'ny fanavotana sy izay vita tamin'ny fikatrohana ilay ady lehibe nifanaovana tamin'i Satana dia hientanentana ho amin'ny fitiavana mafana ny fon'ny voavotra ary amim-pifaliana sy firavoravoana bebe kokoa no hanaovany hira mamy loatra amin'ny lokanga volamenany; ary feo alinalina sy arivoarivo tsy manam-pahataperana

no hiara-miredona hiram-piderana mireondreona.

«Ary izao zavatra ary rehetra izao, na izay any an-danitra, na izay ety ambonin'ny tany sy any ambanin'ny tany, na izay any an-dranomasina mbamin'izay rehetra ao anatiny, dia reko samy nanao hoe: Ho an'ilay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana sy ho an'ny Zanak'Ondry anie ny saotra sy ny haja sy ny voninahitra ary ny fanjakana mandrakizay» (Apôk. 5:13).

Mifarana hatreo ilay ady lahibe. Tsy misy intsony ny fahotana sy ny mpanonta. Voadio tanteraka ny tontolo rehetra. Miara-mitepo fifaliana sy firindrana ny voary manontolo. Avy amin'ilay Mpamorona izao rehetra izao no mikoriana ny aina sy ny fahazavana ary ny fifaliana manerana ny fanjakana eny amin'ny habakabaka tsy misy fetra.

Hidanadana mba ho fianaran'ny voavotri'Andriamanitra ny haren-tsarobidin'izao rehetra izao manontolo.

Hatramin'ny «atôma» kitika indrindra ka hatramin'izao tontolo izao lehibe indrindra, ny zavatra rehetra, na ny manan'aina na na ny tsy manan'aina dia samy manambara amin'ny alalan'ny hakantony sy ny fifaliany safononoka fa

ANDRIAMANITRA DIA FITIAVANA.



Lahatsoratra notsongaina avy amin'ny «Tragedie des Siècles» tt. 719 - 739 nosoratan'i ELLEN G. WHITE

FANONTANIANA

HOERITRERETINA SY HIFANOLORAN-KEVITRA ARY HIFAMPIZARANA FANANDRAMANA

1. Raha mijery ny hifaranan'ny ota ianao, misy zavatra mampatahotra anao ve? Inona ohatra?
2. Inona no hevitra ny hoe i Jesôsy mitondra ny holatry ny nanomboana Azy mandritra ny mandrakizay?
3. Ho anao inona no anjara tsara indrindra tovozina amin'ny hoe miara-mandeha amin'Andriamanitra?

Sabata Voalohany

ILAY FEO MAFY

Tenim-pitiavana:

«Indro ny faharetan'ny olona masina, dia izay mitandrina ny didin'Andriamanitra sy ny finoana an'i Jesusy.» - Apôk. 14:12.

Tena reraka be aho tamin'izay; ny toeram-piandrasana fiaramanidina koa mao mangatsiaka sy eo ho eo ihany. Nandritra ny herinandro maro ny tenako no naka sary tsotra sy sary mihetsika manodidina ny nosy Caraibes mikasika asam-piangonana maro sy asan'ny mpiara-miangona maro.

Nalaiko sary mihetsika tamin'izany ireo mpitandrina sy ireo mambra mampahafantatra an'izay rehetra mifanena aminy ny fitiavan'Andriamanitra. Nahita dokotera mitsabo olona marary aho ary mpianatra amin'ny sekoly ambony nanjary dokotera sy mpitory ny filazantsara ary mpampianatra. Nahita olona mahery fo tokoa aho tamin'izany; olona nanana fandavan-tena tokoa, nanome be dia be sy nahafoy tena ho amin'ny fanompoana an'Andriamanitra izay tiany. Naka sary tanora nizara fahalalana mikasika ny handresena ny aretina sy ny tsy metimety ara-pahasalamana. Nandre feon-java-maneno sy toriteny manan-kery ihany koa aho ary nahita olona betsaka natao batisa. Fa indro tonga ny fotoana handehanana mody amin'izay.

Nakimpiko ny masoko ary tsapako niala ireo fandaharam-potoana mavesatra nanindry ahy. Tsy ho ela dia afaka hakahaka aina eo ambony fandriana any an-trano.

Tampotampoka teo dia hitako fa tsy nandre na iza na iza niresadresaka intsony aho nanodidina ahy. Nanjary foana tsy nisy olona teo ilay efitrano fiandrasana feno mpandeha, ankizy sy mpiasa mpizara karatra fahazoa-mandeha. Fahanginana no nameno ny efitrano ary feo-milina nirohondrohona no reko any ivelany.

Raiki-tahotra be ihany aho. Toa lasa ny fiaramanidina tokony handehanako hody! Sao dia efa lasa nisidina! Resin-tory mantsy aho ka raha iny izaho mbola revon-torimaso (...) dia tavela aho.

Injay fa nandre feo mafy avy ao amin'ny fanamafisam-peo tao amin'ilay efitrano fiandrasana tao amin'ny seranam-piaramanidina aho.

«Azafady, azafady indrindra tompoko ô! Azafady indrindra ô! Ity no antso farany ho an'ny sidina 982 ho any Miami. Iangaviana hiditra anaty fiaramanidina dahalo izao dia izao ny mpandeha rehetra. Raha iny am-pelatananao ny tapakila fahazoa-mandeha dia aoka hankeny amin'ny vavahady fidirana anaty fiara-manidina avy hatrany. Izao no antso farany ny amin'izany.»

Izaho angamba no sangany tamin'ny mpihazakazaka nilomay nankeny amin'ilay vavahady. Efa hikatonana mihitsy ny varavarana ny fiaramanidina raha nihazakazaka mafy aho nankeo amin'ny mpampiditra olona ary nihiakiaka mafy hoe: «Andraso kely! Mbola mandeha amin'io fiaramanidina io ihany koa aho. Ary ity an-tanako ity ny karatra fahazoa-mandeha! Jereo, ity ihany koa ny karatra fahazoana miditra ao anaty fiaramanidina. Avelao mba hiditra! Te hitodi-doha hody anie aho e!».

Efa fantatrao ve fa misy feo mafy miantso izao ankehitriny izao mihitsy? Io feo mafy io dia miantso ny tsirairay maneran-tany. Feon'Andriamanitra manako avy eo amin'ny molotry ny anjely telo narahina avy any an-danitra hanao zavatra anankiroa: (1) mampitandrina ny amin'ny loza ho avy, (2) mampahafantatra antsika izay ilaintsika hahazoana miara-mankany an-danitra miaraka amin'i Jesôsy.

Tamin'ilay indray mandeha dia nisy feo mafy nanaitra ahy ary nilaza tamiko hankao amin'ny fiaramanidina avy hatrany tsy misy hataka andro. Misy feo mafy avy amin'Andriamanitra mandefa hafatra mitovitovy amin'izany ihany koa. Amin'izao fotoana izao indrindra dia tokony handeha isika; tsy ho any Miami anefa fa hanandrana loha ho any an-danitra! Noho izany aoka ary hahazo antoka fa eo am-piambenana ary hihaino izany feo izany.



AMPAHAFANTARO NY Hafa

Raha inao no Andriamanitra, inona no holazainao amin'ny eto an-tany hasanana ny rehetra hiaraka aminao ho any an-danitra? Soraty eto ambany izany hafatra izany ka alefaso any amin'izay olona rehetra fantatrao.

.....
.....
.....
.....
.....

Tenim-pitiavana:

«Ary hitako fa, indro, nisy anjely iray koa nanidina teo afovoan'ny lanitra, nanana filazantsara mandrakizay hotorina amin'izay monina ambonin'ny tany sy amin'ny firenena sy ny fekom-pirenena sy ny samy hafa fiteny ary ny olona rehetra» - Apôk. 14:6.

Tsy te ho any am-piangonana ao ho'aho» hoy i Justin nidongidongy nametraka ny tanany roa manohana ny tratrany.

«Fa nahoana hoy rainy nanontany sady nijery ny arabe nanoloana azy. «Izaho'zao nihevitra fa olona tia fiangonana izao ianao io».

«Mba te hanao zavatra hafa aho anio», ry Dada a, toy ny hoe: milalao baolina, na mijery sarimihetsika tena tiako ao amin'ny Internet. Ohatry ny mandreraka be izany koa ange indrindray ilay zavatra atao any am-piangonana e!».

«Mety misy maha-marina azy angamba, anaka, izay lazainao. Raha oharina amin'ny lalao baolina, sary mihetsika ahitana biby goavana mifampitolona dia mandreraka be ihany tokoa ny any am-piangonana».

Nijery sady nanao tsilain-tsofina an-drainy ilay tovolahikely. «Hay koa mitovy hevitra amiko i Dada!». «Zany mihitsy» hoy koa rainy sady somary nitsiky somary hafahafa kely. Izany no antony tsy hankanesant-sika any am-piangonana anio». «Tsy ho any 'zany isika?».

«Tsy ho any isika ka!».

AMPAHAFANTARO NY Hafa

Raha ohatra ka ianao no mpitandrina dia inona no hataonao handresena lahatra ny rehetra fa fianarana zavatra mahafinaritra no atao ao am-piangonana? Ataovy lisitra izany ka omeo ny pasitoranao. Ary ataovy izay azonao atao hanampiana ny mpitandrina amin'ny fomba rehetra.

«Ô!», nahazo aina i Justin sady nisahotaka be ihany niankinankina tamin'ny fehin-tseza.

Fa nanohy rainy nony avy eo nanao hoe: «Handeha isika anaka ho eo amin'ny toerana hianarantsika ho toy ny anjely. An'isan'ny zava-dehibe amin'izany, hianatra isika ny amin'ny hoe ahoana no hampiangonana ny ady, ahoana no hahatonga ny namana ho salama kokoa, ahoana no hitondrana bebe kokoa ny fitiavana ho ao an-tokantrano.»

Dia samy nangina tsy nisy niteny aloha izy mianaka nandritra ny fotoana lava ihany. Avy eo dia nanontany ilay tovolahy kely nanao hoe: «Dia iza ry dada no hampianatra ahy an'izany rehetra izany?» «Andriamanitra, anaka», hoy rainy.

Sady somary niketrona kely ilaikely, avy eo, no nanontany hoe: «Ahoana no ahafantaranao fa Andriamanitra no hanao an'izany rehetra izany?» Dia nanainga soroka rainy ka nanao hoe: «Satria Andriamanitra niteny fa lzy tokoa no hanao izany. Hoy izy mantsy hoe: «Ary hoy lzy taminy: Mandehana any amin'izao tontolo izao hianareo, ka mitoria ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra.» - Mar. 16:15.

«Moa ve heverinao fa asain'Andriamanitra manao izany andraikitra izany isika nefa tsy ampianarin'ny hanao an'izany? Mila fiofanana sy fahalalana izany anaka. Mila mianatra ihany koa. Mila hoe mirosaka indray mandeha na indroa isan-draindro ianao manao zavatra manokana - zavatra izay hampianatra anao hoe ahoana no hahatonga anao ho anjely be fitiavana ho an'izao tontolo izao. Dia izany tokoa-». Indro fa nentin'ilay raim-pianakaviana ny fiara ary tody teo amin'ny toerana fiantsonana feno fiarakodia ary feno endrika mitsikitsiky.

«Ao am-piangonana izany no hanaovana ilay fiofanana sy fianarana» hoy Justin sady nitsikitsiky kely no menamenatra ihany koa satria efa eo an-tokotanimpiangonana rahateo ry zareo.

Hoy ihany rainy: «Taloha dia fitoerana masina sy tempoly no nanaovana fotoam-pivavahana. Fa ankehitriny kosa dia fiangonana no anaovantsika izany. Fa ny zava-kendrena amin'izany dia mitovy ihany: dia ny hianarana hoe ahoana no hanambaràna ny vaovao mahafalin'ny fitiavan'Andriamanitra amin'ny olona tsirairay».

Dia niara-nizotra nankao am-piangonana izy mianaka.

Tenim-pitiavana:

«Ary nipetraka teo an-tendrombohitra Oliva Izy, dia nanatona Azy mangingina ny mpianany ka nanao hoe: Lazao aminay izay andro hahatongavan'izany, ary izay ho famantarana ny fihavianao sy ny fahataperan'izao tontolo izao.»
Mat. 24:3.

Falifaly aok'izany erỳ i Lisa izay 10 taona. «Efa tamy any ve izy?» hoy ny reniny tamin'ny avy eo am-baravarankely sady mitazona voaroy nopotsehina natao mofo mbola mafana dia mafana avy ao anaty lafaoro. «Itony karazana mofo itony mantsy no tena tiany, fantatrao tsara».

«Fantatro ka!» hoy i Lisa sady nitsikitsiky. «Sady tiany ihany koa anie ny paoma atao mofo sy ny voatango ary ny vary avy any Espaina el».

Napetraky ny reniny teo ambony takela-kazo ary efa ao anaty lovia fampangatsiatsiahana azy ilay mofo mafana no sady namonjy nipetraka teo anilan'ny varavarana mitanilanila izy ary naneho fa vizambizana. «Nalahelo fatratra ny zokinao vavy mihitsy izao ianao anaka, moa tsy izany? hoy indray ny reniny tamin' i Lisa. Dia namaly i Lisa sady nanondrika ny lohany ka nanao hoe: «Efa nitety tany mahafinaritra be maro izao ny sambon-dry Lisa ô!» sady nientanentana erỳ izy. «Isaky ny mihetsika angamba m...m...m...» . Mijanona dia miakatra an-tanety foana ry zareo» hoy reniny nitsatsaingoka koa tsy. «leee, izany mihitsy», hoy i Lisa. Isaky ny mihetsika dia mizaha tany ry zareo ary mitondra azy amin'ny tany mbola tsy fahita ilay

sambo. Izany hoe tany hafakely, be zava-miaina, ary hafa noho ny hafa. Hitako eto» hoy i Lisa somary lasalasa-borona. «Tsy mbola nandeha tany amin'ny tany mbola tsy dia fahita firy mihitsy aho raha tsy hoe atao anisan'izany angaha ny efitrano fandrian'i Daryl».

Dia toran'ny hehy reniny. «Izaho aza izao nihevitra hoe efa nodiodiovin'ny fatratra ny efitranony satria ho avy i Saraha. Ary ny torano manontolo aza izao dia madio ohatra ny tsy tehafin-dalitra». Indro fa nitsiky i Lisa. «Raha mbola misy zavatra tsara azo atao dia mbola atao ihany ho fitsenana an'i Saraha. Satria tiako ho azoazony tsara ny ainy rehefa tonga atao an-trano indray izy». Nisento tokana ihany ny reniny. «Tiako tokoa raha miomana mafy ny olona hitsena Ilay anankiray ho avy tsy ho ela». «Fa izao no ho avy ry Neny?» hoy i Lisa sady niketrana.

«Jesòsy», hoy ny reniny nanamafy. Nilaza tamin'ny mpianany Jesòsy fa alohan'ny hiaviany indray dia hisy zava-doza hiseho etỳ an-tany. Izany no nahatonga an'i Saraha hiondrana an-tsambo. Miezaka izy mba hampahafantatra an'izao tontolo izao fa misy fiadanana azo antenaina na dia izany aza». «A! Izany tokoa» hoy i Lisa. «Ny zava-doza hiseho dia famantarana nolazain'i Jesòsy, famantarana fa ho avy tsy ho ela Jesòsy.»

MBOLA MISY FAMANTARANA MARO Hafa IHANY KOA

«Fantatrao fa ho avy Saraha, noho izany dia nodiovinareo tao an-trano tsara ny efitranonareo, naka voninkazo tsara tarehy avy any an-tsaha ihany koa, ny fitaiana nosasana rahateo --- atao izany rehetra izany, ataonareo manokana ho an'i Saraha. Izaho ihany koa nanao izay azoko natao. Namboatra ireo sakafo faran'izay tiany aho, ohatra hoe ity mofo misy voaroy nopotsehina ity. Fa nahoana no nanao izany rehetra izany isika?» «Satria tiantsika i Saraha ary tiantsika rahateo izy hahatsiaro ho tonga soa ato an-trano» hoy i Lisa somary nitsiky nalefadefaka naharitra. «Fa izao koa», hoy reniny, «tiako ny hisaintsainana fa izay no adidin'ny Kristianina tsirairay dia ny haneho fiahiana ny olon-drehetra eto amin'izao tontolo izao amin-pitiavana, amin'izay ny tsirairay dia hahafantatra fa hisy zavatra manokana sy mahagaga hitranga. Ho avy Jesòsy ilay namantsika faran'izay mahafatra-po indrindra, ary isika no manana adidy mba ho famantarana ahafantaran'ny rehetra fa ho avy tsy ho ela Izy».

Tamin'izay indrindra no indro nisy fiara nipoitra teo amin'ny fiolahana tamin'ny arabe ka indro tsy tratra i Lisa fa niantambotra ka namonjy nidina. «Iny izy fa tonga, iny izy fa tonga!» hoy izy niantsoantso. Naneho hafaliana fatratra sy nitsiky fatratra ilay renim-pianakaviana sy i Lisa nahita fiarakodia nanatona. Fantatr'izy ireo fa efa vonona ny zavatra rehetra handrisana ilay efa tsy teo elabe ka nahamanimanina azy ireo fatratra ary indro fa eo ankehitriny.

AMPAHAFANTARO NY Hafa

Manorata zavatra dimy hahatonga anao ho famantarana amin-pifaliana hitan'ny nanao sy ny manodidina fa ho avy tsy ho ela i Jesòsy. Manorata hira manambara ny hafalianao.

Tenim-pitiavana:

«Fa fantatrao voalohany indrindra fa amin'ny andro farany dia hisy mpaniratsira avy haniratsira, mandeha araka ny filany»
2 Pet. 3.3.

Ohatra ny tsy metimety ianao izany, anaka», hoy ny rain'i Kim tamin-janany raha indro i Kim fa nivemkena nankao an-dakoza. Ankizy iray miala sakana mitafy akanjomandry no indro mijoro mihazona vera misy ranom-boankazo amin'ny tanany iray ary pilina vitaminina C kosa amin'ny ilany. «Tsara tsy maninona aho ka!» hoy i Kim, fa mikohakohaka kely fotsiny, dia misy serisery kely, tenda mangarakaraka kely, somary mafana hoditra, ary somary manenoneno ny sofina». Nihomehy ny rain'i Kim. «Ndrisy ry zanako kely» hoy izy. Niketrona i Kim. «Zanako kely amin'ny ahoana?» Efa 13 taona anie aho e! ary mba te antsoina hoe:

«tovolahy lehibe» na koa hoe: efa ho olon-dehibe». Somary nanozongozona soroka be ihany rainy nahare izany. «Fantatro tsara ny mahazo anao anaka». Niseho ho tsy rotratra loatra i Kim. «Inona izany no heverin'i Dada fa mahazo ahy?» Sady nanondro azy rainy no nanao hoe: «Mazava ho azy fa nipitsoka ny hato-tongotra». Dia nodinihin'i Kim tsara ny rainy nandritra ny fotoana naharitraritra. «Nipitsoka hoe ny hato-tongotra?» Dia indro somary nibanjina kokoa an-janany ilay ray. «Fa inona izany, anaka, no heverinao hoe mahazo anao? Dia hoy ilay tovolahy namaly; «Gripa no mahazo ahy, ry Dada a!» Ary hoy rainy, nitsatsaingoka: «Mazava ho azy, mibaribary avy hatrany fa gripa tsotra izao no mahazo anao, sa tsy izany?» «Zany tokoa», hoy koa i Kim. «Eny», hoy rainy, «tokony hiainga avy amin'ny zavatra efa hita mibaribary ohatra ny tafika andrefan-tanàna ny valinteny, moa tsy izany?»

Somary niasalala kely ilay tovolahy dia namaly hoe: «Marina izany»

«Koa nahoana àry hianao no misalasala fatratra ny amin'ny hoe ho avy tsy ho ela, kely sisa, Jesòsy?» Somary indrakin-dravana i Kim namaly indray hoe: «Inona moa no idiran'izay sery mahazo ahy amin'izany?»

EFA LANY ANDRO

Nihanalefaka ny fijeon'ny dadan'i Kim. Omaly hariva ianao, hoy izy, nilaza fa tsy heverinao hoe ho avy faigana Jesòsy. Dia hoy koa ianao hoe tokony hifankatia fotsiny isika, ho maha-te ho tia ary hifaly ny amin'ny famelaneloka omen'Andriamanitra fa izany hoe fiavian'i Kristy fanindroany izany dia efa tena lany andro ny miresaka an'izany

«Eny», hoy i Kim, «nilaza an'izany tokoa aho». «Dia ahoana ny amin'ny porofo efa hita mibaribary», hoy ilay raim-pianakaviana? «Mibaribary hoe?», hoy i Kim; «mibaribary amin'ny ahoana? inona no mibaribary?»

«Jesòsy dia nilaza tamin'ny mpianany fa any amparany dia hisy mosary sy areti-mandranga ary hihorohoron'ny tahotra fatratra ny olona ka toa hijanona tsy hitapo ny fony! Manginy fotsiny ny areti-mandoza maro mamely tampoka tsy ahoan-tsy ahoana! Ao koa ny vahoaka manao tsinontsinona ny hafa, manorina harena eo ambonny fijalian'ny hafa. Izany no mibaribary. Izany no maneho miharihary fa efa ho avy Jesòsy ary anjarantsika ny manambara izany amin'ny hafa.

«Ka raha marina àry izany», hoy i Kim, «nahoana no mbola tsy tonga ihany Izy ka!» «Ny amin'izay dia tsy fantatro», hoy rainy nanainga soroka; fa izao fotsiny, manana ny antony manokana Izy izay Izy ihany no mahafantatra azy. Fa raha mino izay miharihary ohatra ny vay an-kandrina ianao, dia hino sy hatoky ny teny fikasana. Heveriko fa ilaintsika ny milaza amin'ny hafa ny maha-mibaribary ny zava-drehetra ary manambara ihany koa ny amin'ny teny fikasana».

Nihatokatoka tsimoramora i Kim sady nikohakohaka: «Marina ny anao, ry Dada. Tokony horaisiko am-po tsara mihitsy ny momba an'ity fiavian'i Kristy fanindroany ity; ary tokony hampahafantatra an'izany amin'ny hafa ihany koa aho». Dia nihodina niala teo hakahaka aina kely izy sady nanohy hoe: «Tonga dia hiroso amin'ny fitoriana amin'ny hafa afo raha vantany vao afaka ity lazainao fa mivika amin'ny hato-tongotra ity».

Toran'ny mehy hafahafa ny rainy. 'Zany tokoa no izy ry tovolahy efa ho olon-dehibe.»

AMPAHAFANTARO NY Hafa

Manaova sary telo ny amin'ny fikarakarana azonao atao ao an-tokantrano, eo amin'ny fiaraha-monina, ao amin'ny fiangonana ampahatsiarovana fa efa ho avy Jesòsy. Ampiaraho amin'ny sary ataonao ity toko sy andininy ity: «Henoy! Indro Avy faingana Aho». — Apòk. 22:12.

Tenim-pitiavana:

«Fa ny tenan'ny Tompo no hidina avy any an-danitra amin'ny fiantsoana sy ny feon'ny arikanjely ary ny trompetran'Andriam anitra, ka izay maty ao amin'i Kristy no hitsangana aloha»
1 Tes. 4:16

Indro i Terry fa nijaridina nibanjina ny tany vao avy nasiana. Raha nitazana ambony kosa dia nahita vorona fahita amin'ny lohataona misitsioka hira kanto eo amin'ny lanitra mitaratra manga. Efa ho adiny telo izao no nandinihany an-drainy mametraka voa tao amin'ny tany; indro anefa fa mbola tsy misy na inona na inona mitsiry ihany. Ho an'ity zaza dimy taona ity dia toa hafahafa tsy azy ekena fotsiny amin'izao izany.

Niasa mafy tokoa ilay raim-pianakaviana nanomana ny tany, nanisy ny fatran-jezika ampy, nametraka ireo voan-katsaka amin'ny faritra sahaza mitandavana mahitsy. Mampiratra eo ambonin'ny loha eo ny masoandro ary ny rivotra kosa mitsoka anelanelan'ny sampana hazo ôka ambadiky ny trano. Tonga ny fotoana. Saingy tsy mbola misy na inona na inona miseho! Nandeha namonjy nankeo anilan-janany ilay raim-pianakaviana ary nitsiky kely taminy. «Milaza momba ny saha famboleko ve ianao anaka?» hoy izy nanontany. Izany tokoa hoy i Terry. Miresaka amin'ireo voan-katsaka aho. Namboly azy ireo ianao androany maraina, ka te hihinan-katsaka aho hatao sakafo hariva. Fa inona no mbola andrasan'izy ireo? Nefa efa ao ambanin'ny tany ao izy ireo». «Tsotra, satria misy

zavatra izay tanterahin'izy ireo ao» hoy ny valintenin'ilay ray. «Fa inona izany no ataon'izy ireo ao?» hoy indray i Terry te hafahafatra.

«Miandry no ataon'izy ireo ao. Miandry ny andro itsimohany, miandry ny masoandro hibaliaka kokoa, miandry ny rivotra hafana kokoa, ary miandry ny ranonorana amin'ny fotoany hitondra hamandoana hahazoany migokoa rano mahavelona. Dia avy eo misy zava-mahagaga miseho.»

«Inona no miseho» hoy i Terry nanontany sady niondrika mba ahitana misimisy kokoa. «Mandefa tsimoka lava mipoitra ety amin'ny fanambonin'ny tany ary mandefa faka milentika mankany ambanin'ny tany» hoy rainy. «Manovo fehezan-kery avy amin'ny masoandro dia mitombo, mitombo, mitombo hatrany, ka misy tahony sy raviny ary salohy sy babin-katsaka vonona hohanin'ny ankizy 5 taona, hohanina miaraka amin'ny ovy nopotsehina ary koa tsaramaso tanora. Mila fotoana izany rehetra izany, ka mila miandry aloha.»

Niketrona i Terry. «Fa nahoana no dia mila miandry ela toy izany?» «Izao mantsy», hoy rainy, sady mijery ny saha nambolena, «ny zavatra rehetra dia misy antony avokoa. Ny zavatra rehetra dia mirindra araka izay ilaina eo amin'ny fitomboana. Fa rehefa eo ny masoandro, nirotsaka ny orana, afaka anovozana izay ilaina avy ao aminy ny tany, dia maniry ny vao araka izay efa nataon'Andriamanitra rahateo hatrany amin'ny famoronana.»

Nitsahatra kely tsy niteny aloha ilay ray. Toy izany ihany koa, anaka, ny amin'ny fahafatesan'ny olona ---- ohatra izao hoe i Nenibe sy i Dadatoa Jarrod. Tadiidinao ve anaka? Natao tao ambanin'ny tany ny vata nisy ny razana. Fa rehefa ho avy Jesôsy dia hiantso azy ireo avy ao. Dia ho velona indray izy ireo ary ho sambatra isika hahita azy ireo. Dia hiaraka ho any an-danitra daholo isika izy tsy hisy fahafatesana intsony ary ny zaridainako kosa hisy zava-maniry hisy hatao sakafo hirobrobo hitombo hatrany. Tianao ve izany anaka?» Somary nieritreritra ela teo aloha i Terry. «OK. Hiandry ihany koa ary aho izany e! Hiandry ny katsaka hipoitra eo amin'ny tahony ary hiandry an'i Jesôsy hanangana amin'ny maty an'i Nenibe sy i Dadatoa Jarrod». «Tsara tokoa izany anaka» hoy ny rainy sady nitantana an-janany hiditra ny trano. «Tsy dia mahaliana loatra indraindray ny miandry kanefa ilaina.

Ho hitanao anie e!»

AMPAHAFANTARO NY Hafa

Nisy havanareo lasa nodimandry ve? Raha izany, manaova sarina fasana ahitana ny anaran'ireo lasa nodimandry. Asio sarina masoandro eo ambony hanampy anareo hahatsiahy fa tsy ho ela dia hiditra an-tsehatra i Kristy.

Tenim-pitiavana:

«Sambatra sy masina izay manana anjara amin'ny fitsanganana voalohany; ireo tsy mba ananan'ny fahafatesana faharoa fahefana, fa ho mpisoron' Andriamanitra sy Kristy ireo ka hiara-manjaka aminy arivo taona.»
Apôk. 20:6.

Nijery ny ravina mihintsana sy ny ahitra mihamaina i Elsa. Hitany ireo andiana vanobe manavatsava ny lanitra, ary eo an-danin'izany kosa ny hatsiaka miakatra avy any an-dohasaha, mamirifiry aokizany ka indro izy miampify sy mitakoko kely eo amin-dreniny mba hahazo hafanana. «Tsy tiako ny hoe manomboka mihamangatsiaka ny andro», hoy izy, sady avokony ao anaty paosiny ihany ny tanany. «Tena orioriy mihitsy ny saiko». «Oriory ahoana e?» hoy reniny. «Fa maninona e?»

«Dia ahoana izao ireo biby ka?» hoy ilay tovovavikely sady nanondro ny hazo sy ny tandavan'ahitra manodidina izy. «Dia ahoana ny amin'ireo biby mpitsambikimbikina amin'ny hazo sy ny rajakokely ary ny vorona? Ary ahoana koa ny amin'ny amboadia, ny bera, ny lambo, ny diera iza manana rambo fotsifotsy? Inona no hanjo azy ireny rehefa mirotsaka ny ranomandry? Tena mamirifiry mihitsy ny hatsiaka ka mila hitambaingana i Miller Pond ary lasa tao daholo ny sakafony. Tsy manana afo fanafanana trano tsara ohatra ny antsika izy. Tsy misy afa-tsy kitay sy vaingan-dranomandry ao amin-dry zareo. Tena tsy izy mihitsy raha izany no jerena. Nieriritritra kely ny reniny. «Marina ny anao, anaka» hoy izy. Tsy manana trano hehibe toy ny antsika

izy saingy manana an'Andriamanitra kosa. Refa nahary an'izao tontolo izao Andriamanitra dia nikendry hananan'ny tsirairay fonenana. Porofon'izany, ny tany manontolo dia fonenana goavana sy sambatra ho an'ny rehetra. Ny olona sy ny biby dia nonina teny amin'ny ahi-maitso na teo ambany alokaloky ny hazo kanto ---- sahala amin'ireo biby namantsika any ivelany mihenjy any. «Fa rehefa tafiditra ny fahotana dia nanorina fonenana i Adama sy Eva. Ary nanorina trano vaventy sy mijoalajoala ary tanàn-dehibe ny olona; tsy izany anefa no tao an-tsaïn'Andriamanitra. Ny bibidia mbola manohy izay nikendry Andriamanitra azy ireo. Noho ny fahotana dia nanjary nisy ririnina sy loza manandin-dona ny fiainan'ny biby ----- indrindra ny loza avy amin'ny olombelona. Mandavaka ao anaty tany na ao anatin'ny hazo na mandositra any lavitra any mankany amin'ny toerana mafana kokoa ny biby. Maro amin'izy ireny no matory ao amin'ny toerana tsara afina ambanin'ny tany ary ny sasany kosa mifofotra manao izay ahitana sakafao ao ambanin'ny antontan-dranomandry. Miaina mialokaloka ao amin'ny valanjavaboary ao rahateo ny biby, manao izay itarihan' Andriamanitra azy --- mamefy ny aina tsy ho valaky ny ririnina.

Nangina kely vetivety ilay reny. «Io Andriamanitra io no nanome teny fikasana antsika fa hiaro antsika raha ekentsika. Ho avy ny fotoana hahatonga ny lanitra honenantsika, ary na dia nandravarava fatratra aza ny fahotana dia hieren-doza sy tsy hisy loza hanjo antsika any. Hianatra betsaka momba an'Andriamanitra sy ny fiankohofana Aminy isika. Hiara-belona amintsika ihany koa ny vorona, ny bera, ny amboadia, ny biby mpitsambikimbikina amin'ny hazo, ny diera. Dia ho fianakaviambe Indray».


Nieriritritra kely i Elsa ary nanaiky tamin'ny alalan'ny fihetsika. Nitsiky ny reniny. «Anaka, tianao ve ny hiara-miasa amin'Andriamanitra hitsinjy ny zava-manan'aina biby?»

«Izany tokoa ve?» hoy ilay tovovavikely niteny sempotsempotra. «Azontsika atao ve izany?» «Zany mihitsy ka! Andeha aloha isika ho any amin'ny mpivarotra. Dia hividy voan-javatra fihinan'ny vorona ary katsaka maina ihany koa. Ka rehefa mirotsaka ny ranomandry dia amin'izay misy sakafao betsaka ho an'ny biby mpitsambikina ambony hazo, ny rabbitro, ny diera ary ny vorona mba hohanin'izy ireo. Azon'izy ireo itondrana mankany an-davany sy ny zohikely amin'ny vatan-kazo ihany koa izany hohaniny amin'ny manaraka. Tsy saha Edena tsy akory eto fa azontsika atao ny mitsinjy sy mikarakara toy izay natao tany Edena».

Dia izany tokoa no nataon-dry zareo.

AMPAHAFANTARO NY Hafa

Mametraha sakafao ao an-tokotainao ho an'ny vorona sy ny biby amin'ny ririnina ho avy izao. Ho faly noho izany Andriamanitra nanao ny zava-manan'aina ary izy ireo ihany koa. Asaovy manao toy izany koa ny namanao.



Tenim-pitiavana:

«Matahora an'Andriamanitra, ka omeo vorinahitra izy; fa tonga ny andro fitsarany; ary miankohofa eo anoloan'izay nanao ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina ary ny loharano»
Apôk. 14:7.

Indray Sabata folak'andro, niara-nitsangantsangana tamin-dramatoa vadiko aho. Niara-nigoka ny hakanton'ny lokon'ny ravina amin'ny fararano sy ny kalokalom-borona miritsodritsoka eny amin'ny hazo. Nijanona haka sary ny voninkazo aho ary ramatoa vadiko kosa nanohy nandeha nankafy nahita ny lolokely manidintsidina sy ny felam-boninkazo. Vetivety dia lasa somary laidavitra ahy izy.

Tsitapitapitr'izay, indro nisy amboa nitsangam-bolo fatratra nitroatra avy ao amin'ny tokotanin'ilay trano teo akaiky teo nitsarapaka nanitsy faingana dia faingana ny vadiko. Niranirany aok'izany ny nifiny, tsy misy na inona na inona ao am-bavany, nivovo fatratra, vonona hanaikitra tsy mivazivazy. Iray amin'ireto telo ireto no zavatra azoko atao. Na, voalohany, hanambitamby an'ilay amboa ka hiantsoantso hoe: «Ry amboa ô! Miala tsiny aminao re!». Dia mety hiteny aho hoe: «Tiako loatra raha tsy mikiry miezaka hanaikitra ny vadiko ianao. Mandehana re miverina any amin'ny tokotany misy anao, ary izahay kosa hanoy ny fitsangantsanganany amin-pilaminana sy amin-pahatoniana». Na, faharoa, miezaka mampisaintsaina azy aho. «Ry amboa ô! tsy dia mety loatra izao ataonao izao. Ny malemy fanahy no mahafinaritra kokoa sy mahasoa kokoa noho ny mirafarafa sy mandrongatra toy izao. Afa-tsy izany, mety hanahirana ano be ihany izao fihetsikao izao. Maninona no tsy manova fihetsika kely dia

AMPAHAFANTARO NY Hafa

langavio ny mpitandrina hanao toriteny mikasika ny namoronan' Andriamanitra an'izao tontolo izao sy izay rehetra eo aminy. Ary iangavio ny namanao ho tonga ary hiara-mihaino izany toriteny izany aminao.



miverina mody?» Na, fahatelo, afaka nanao izay nataoko indrindra tamin'izay fotoana izay. Dia ny niantsoantso mafy dia mafy hoe: «E! e! e! Aoka, aoka, amboa, amboa tsisy dikany, mandehana any, mialà teo, mialà teo, andeha miverina mody, andeha miverina mody!» Io fahatelo io no vahaolana nataoko ka akory ny fahombiazany! Nisento kely afa-po aho! Tsara fiafara ny toe-javatra.

SATANA DIA TOY NY AMBOA VONON-KANDRAMATRA

Ao amin'ny boky mahavariana Apôkalipsy ao amin'ny Baiboly dia ahitana filazana an'Andriamanitra maniraka anjely telo hampahafantatra ny mponina ambonin'ny tany fa ny ota anie ka manapotipotika sy manorotoro e! Satana ilay mirafarafa aok'izany dia vonona handramatra. Ny Baiboly dia milaza fa ireo anjely dia miantso «amin'ny feo mahery». Ny iray amin'ireo anjely, izany hoe ilay voalohany, na dia miantso mazava mafy dia mafy tokoa aza dia milaza zavatra hafahafa. Izao mantsy no antsoantsony amin'ny feo mahery: «Andriamanitra no Mpahary ka rariny raha miankohoka Aminy ianareo!» Fa nahoana moa no mila ampahatsiarovina amin'ny alalan'ny anjely fa Andriamanitra no namorona ny olona?

Maro dia maro tokoa ny olona nanadino an'izany. Mihevitra avy ireo fa ny olona dia avy amin'ny rajako, na nivoatra avy amin'ny rihitra avy amin'ny kamory anankiray. Ireo olona ireo dia manompo siansa sy teknôlôjia; manondrika ambany dia ambany ny loha eo anatrehan'ireo olombelona mpitarika, na misaina sy mandinidinika ara-tany fotsiny ihany. Manana vaovao ho azy ireo io anjely voalohany miantso mafy io. Tsy afaka mahavonjy na dia olona iray aza ny siansa, ny teknôlôjia, ny olombelona, ny rajako, na ny rihitra heverina ho niandohan'ny aina. Amin'ireo voatanisa ireo dia tsy misy afaka mahavonjy na dia olona iray aza. Andriamanitra Mpahary ihany no afaka manao izany.

Izaho akory tsy manoso-kevitra hoe mandehana fotsiny mankany amin'ny tranon'ny namanao, dondony ny varavarany ka rehefa vohany dia miantsoantsoa eo manao hoe: «O ry zareo a! Tia anareo Andriamanitra. Te hamonjy anareo Izy hahatonga anareo ho afaka amin'ny fahotana. Andao hanao lalao «baolina» .

Tsia, tsy izany tsy akory no atao fa miditra ao an-trano mihitsy dia miangavy ny ao an-trano manao hoe: «Mety ve raha miaraka manao lalao "baolina" isika?» Dia miara-milalao amin-pahatokiana, amin-kitsim-po, maneho rahateo amin'ireo mpiara-milalao hoe manao ahoana sy manao ahoana no fiarahan'i Jesôsy milalao amin'ny olona sy fifampitondrany amin'ny olona?

Amin'izay fotoana izay mantsy dia ho sahala amin'ny anjely mijoro ho vavolombelon'ny fahamarinana amin'izy ireo isika.

Tenim-pitiavana:

«Fa ny Tompo Andriamanitra no hanazava azy; ary hanjaka mandrakizay mandrakizay izy.» - Apôk. 22:5.

Tena sarotra heverina tokoa ny dikan'ny teny hoe «Mandrakizay». Satria tsy mbola nisy izany hoe nanao zavatra iray mandrakizay tsy nisy fiatoana. Tsy mbola nisy izany hoe nihinana pizza, na nilalao baolina, na nijery fahitalavitra, dia nanao an'izany foana hatrany tsy nisy fijanonany fa hoe nitohy nitohy nitohy foana hatrany. Izay rehetra ataontsika dia misy fanombohany sy fiafarany avokoa. Na ity

andro anio ity aza dia misy fiposahan'ny masoandro sy filentehan'ny masoandro. Fanombohana dia fiafarana. Fiantombohana dia fifaranana. Izany no fantatsika isan'andro eo amin'ny fiainana. Indro ary fa manoritsoritra amintsika ny hatao any an-danitra ny Baiboly. Izao no lazainy: *«fa ny Tompo Andriamanitra no hanazava azy; ary hanjaka mandrakizay mandrakizay izy.»* - Apôk. 22:5.

OK. Tsara tokoa! Ny Baiboly dia milaza hoe tsy mila masoandro isika any an-danitra satria Andriamanitra no izay fahazavana rehetra ilaintsika. Raha izaho aloha dia tsy azoko an-tsaina mihitsy izany hoe hanjaka toy ny mpanjaka izany. Eto an-tany mantsy dia miaina eo ambany vahohon'i Satana ny fiainana manontolo, alaim-panahy, matetika no azon-tahotra ary be fisalasalana. Any an-danitra kosa, tsy hisy fakam-panahy, tsy hisy fahotana hanao

AMPAHAFANTARO NY Hafa

Manaova sary ny amin'ny hoe inona no kasainao hatao any amin'ny fiainana mandrakizay handanianao ny fotoananao. Eo ambanin'ny sary tsirairay, soraty hoe «mandrakizay». Dia apetaho eo amin'izay ahitanao azy isan'andro ireo sary nataonao.

tsinontsinona ny zavatra tsara. Rehefa hoe ho toy ny mpanjaka fotsiny dia efa tsara amiko izay. Fa inona ilay hoe «mandrakizay mandrakizay» lazain'ny toko sy andininy? Moa ve rehefa hoe manomboka ny fiainan'ny lanitra dia tsy hisy farany intsony?

Eny. Izay mihitsy ilay izy. Mandefa fisainana tokoa isika satria, araka ny efa nolazaiko, tsy mbola nisy niana an'izay mandrakizay dia «mandrakizay alaovalo» izany. Fa ny dikan'izany dia hoe misy ary misy, mitohy misy foana hatrany. Tsy takatry ny saintsika feno ota izany, ny vatantsika anjakan'ny ota rahateo ka tsy mby an-tsaina mihitsy izany hoe mandrakizay tsy misy fahataperany. Andeha tsy ho lany andro hieritreritra hoe ahoana sy ahoana ary izany hoe mandrakizay mandrakizay izany fa andeha hanao planina hoe inona avy moa izany no hataontsika any amin'ny fiainana mandrakizay! Tamin'izaho mbola kely dia tena nankafy niara-nilalao tamin'ireo namako mihitsy; indro anefa fa nirefarefa teny amin'ny faravodilanitra andrefana ingahibe masoandro. Reko tsara i Neny niantso ahy: «Charlie, mody amin'izay fa efa ho alina ny andro». Tsy te hampijanona llay lalao tena ankafiziko anefa aho. Tsy te hody aho. Tsy tiako ho maizina ny andro. Te hijanona any an-tokotany foana aho hilalao miaraka amin'ireo namako ary te hilalao foana hatrany hatrany.

Taona vitsy lasa izay, nibanjina ny endrika feno tsikin'ny raiko aho. Efa antitra izy ary tratry ny aretina. Noresahinay ny amin'ny andro fahiny ary nolazainy ahy fa tiany fatratra aho. Dia nigogogogo nitomany aho. «Dada ô», hoy aho, «tsy tiako ho antitra sy harary hianao. Te hitsidika anao, te hiresaka aminao, te ho tia anao hatrany aho, te hanao an'izany rehetra izany tsy misy fitsaharana aho tsy misy fiatoana fa hatrany hatrany tsy misy farany». Fotoana fohy tatỳ aoriana, lasa nodimandry ilay raiko.

Fantatrao ary ve ny dikan'ny hoe mandrakizay? Ny dikany dia hoe tsy misy fahatapahany ny fifalantsika, tsy misy farany. Izany tsy misy fijanonany ny lalao. Fa ny tsara indrindra dia izao tsy hanao veloma intsony an'i Dada, an'i Neny, na an'ireo namana. Fa ireo izay tia fatratra an'i Jesôsy dia te hanomboka fiainam-baovao miaraka Aminy; ny mandrakizay dia manam-piandohana saingy tsy manam-piafarana; eny, tsy misy fiafarana!

Tena tsara tokoa izany amiko. Ary mba ahoana aminao?

Boky Misionera 2015

Fahasalamana & Fiadanana



Tsiambaratelo
Afaka
Manova
Ny
Fiainanao

Mark A. Finley sy Peter N. Landless,

**Vidiny
1800 ar**

Imprimerie Adventiste BP. 1134 Antananarivo 101
Tel 22 403 65. Email <impriad@yahoo.fr,
Voatolotra ara-dalàna : lh 0042 - B (09.15)
Ny natonta: 10 000 isa